

FANONTANIANA SY VALINY

 Manana zavatra hotoriana ve ianao? [Hoy Rahalahy Neville hoe, "Tsia, tompoko."—Mpand.] Ahoana ny amin'i Rahalahy Beeler ery? [“Tsy fantatro ny mikasika azy.”] Rahalahy Beeler, manana hafatra iray ho an'ny androany hariva ve ianao? [Hoy Rahalahy Beeler hoe, "Tsia, tompoko."] Izaho—farim-peo kely fotsiny aho. Izaho nanana vitsivitsy—mbola fanontaniana vitsivitsy. Raha tsy nanao izy ireo... Raha nandray sy nitory teny ny iray tamin'ireto rahalahy ireto, dia ho faly aho.

Ankehitriny, aza taitaitra. Ity dia tsy... Lamba fangataham-bavaka vitsivitsy fotsiny izay handeha any Afrika ity. Ity rehetra ity dia hotapahana ho lamba fangataham-bavaka, ary tian'izy ireo hivavaka eo amin'izany aho eto izao hariva izao, miampy valopy vitsivitsy feno. Ary nihevitra aho fa hatokantsika ity rehetra ity ho an'ny—ho an'ny Tompo. Ity rehetra ity dia tokony hotapahana mba handeha alohako ho any Afrika. Ankehitriny, fantatrareo hoe lamba fangataham-bavaka firy no hatao rehefa saiky goavana tahaka an'izao ny anankiray, an'arivony amin'izy ireo. Nitondra fitonjato Rahalahy Fred indray andro tao anaty valopy kely iray saiky tahaka an'izao. Ary azonareo eritreretina hoe inona izany—firy izany no hataon'ity. Noho izany isika dia... Afaka kelikely fotsiny, nahoana, dia hivavaka eo amin'izany isika.

² Ankehitriny, farim-peo kely fotsiny aho, saingy nilaza aho fa hiverina hamaly ny sasany amin'ireto—ireto fanontaniana ireto amin'ny tsara indrindra izay vitako. Ary ankehitriny, isan'andro, rehefa tonga ireo fifohazana ireo, dia manomboka fahataitairana kely izany. Ary tiako—nieritreritra aho angamba fa ho karazan'izany mihitsy aza ity izao hariva izao miaraka amin'ny fiangonana, fantatrareo, satria indraindray dia mety zavatra voalaza izay tsy azon'ny fiangonana izany. Ary manome anareo anjara hanoratra ny fanontanianareo manokana izy ireo ankehitriny. Omeko anareo ireo izay ananako; ary amin'izay fotoana izay, raha manana zavatra tahaka an'izany ianareo, dia tsy mila manoratra azy.

Ary ny iray amin'izy ireo dia: **Azavao azafady ny Romana 7:25.**

Ny anankiray manaraka: **Nilaza ianao fa afaka miaina tena akaiky an'Andriamanitra ny olona iray ka tsy nanota.**

Hitovy amin'ny inona isika amin'ny fitsangananana?

Rahalahy Branham, inona no tsy maintsy ataon'ny olona iray rehefa nanaraka ny toromarika rehetra izay nampianarinao izy ireo; ary avy eo, ahoana no handraisanao ny Fanahy Masina?

Azavao azafady ny Hebreo 6:4 ary ampitahao amin'ny Hebreo 10:26.

Ary: Inona no dikan'ny hoe fididianana mialoha talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao; ary aiza ao amin'ny Baiboly no ahitanao an'izany?

³ Ary Ranabavy Mc-... Tsia, ity dia—fangataham-bavaka iray ity.

⁴ Ankehitriny, izany no fanontaniana ananantsika ho an'izao hariva izao. Raha manana hafa ianareo raha mbola manao savaranonando kely eto izahay, eny, ento izany, ary hiezaka fotsiny izahay... Ankehitriny, raha misy fanontaniana ao antsain'ny fiangonana mikasika zavatra izay—izay ananantsika, nahoana ho tianay fotsiny ny ho—ho afaka ny—ny hanampy anareo amin'ny tsara indrindra izay fantatray. Hitanareo?

⁵ Ary tiako ianareo hahatsiaro isan'andro fa izay lazaiko eto, tsy milaza aho fa izany no Fahamarinana entitra sy ny zavatra rehetra. Izany no tsara indrindra izay fantatroy ho ny Fahamarinana entitra an'izany. Izaho—mety ho diso tahaka ny mety maty hafa rehetra aho, saingy izaho fotsiny, Rahalahy Jackson—miezaka fotsiny ny manazava azy amin'ny fomba izay neveriko fa marina (hitanao?), ny fomba fahitako azy, Rahalahy Mike, ao amin'ny Baiboly, izao fotsiny... Ary eo am-pianarana an'ireto zavatra ireto, dia tsy maka azy avy amin'ny toerana anankiray fotsiny aho. Izaho—miverina aho ka mamoaka azy avy ao amin'ny Genesisy, ary mitondra azy hatrany amin'ny Apokalypsy, manerana ny Baiboly mihitsy.

⁶ Ary noho izany, dia afaka mamoaka an'ilay—an'ilay lohahevitra mihitsy aza ianareo. Saingy, raha tsy nifanaraka tamin'ny sisa tamin'Izay ato anatiny ato ilay izy, ny sisa amin'ny Soratra, amin'izay fotoana izay dia ho diso izany na ahoana na ahoana. Raha nitondra azy na taiza na taiza ianareo, izany dia tsy maintsy—tsy maintsy mifanaraka amin'ny sisa rehetra amin'ny Soratra izany. Hitanareo? Ary ny Soratra rehetra dia hifanaraka miaraka raha apetraka miaraka tsara Izy, raha... Tahaka ny piozila goavana fotsiny Izany. Ary tsy ny tiako lazaina... Raha milaza diso aho, amin'izay fotoana izay dia hamela ahy anie Andriamanitra. Zavatra mitovy amin'ny piozila iray ny Soratra. Hitanareo? Izany... Nosaratsarahina izy rehetra ary nafangaro tao anaty boaty iray fotsiny, ary mila ny Fanahy Masina ny mametraka an'izany miaraka. Hitanareo? Ary—ary tsy afaka manao an'izany isika. Ankehitriny, tsy misy fandikana sivy amby enimpolo sy sivinjato samihafa an'Izany, satria ny Baiboly dia nilaza fa ny Soratra dia tsy avy amin'ny fandikana manokana. Arak'izay nanoratana Azy fotsiny Izy. Isika dia mino an'Izany fotsiny ho... (Misaotra anao, Rahalahy Pat.) Isika... Izany fotsiny no fomba izay Izy—nanoratana Azy ao amin'ny Baiboly; tahaka an'izany no tsy

maintsy andraisantsika Azy, tahaka an'izany. Noho izany raha manandrana manao Azy hilaza zavatra iray isika eto, eny, dia tsy hilaza an'ilay zavatra iray ihany Izy eto amin'izay fotoana izay. Hitanareo, raha isika—raha mameetraka isika... Tsy maintsy manao ny Soratra hamaly ny Tenany ianareeo eto, hamaly ny Tenany eto, hamaly ny Tenany eto, ny tsirairay avy fotsiny dia mandeha avy hatrany ao amin'ny Toerany mba hanao Azy rehetra hifanaraka.

⁷ Ary ankehitriny, nieritreritra aho angamba... Saika hiresaka aho ary nilaza fa hiresaka izao hariva izao, *Nahita Ny Kintany Tany Atsinanana Izahay, ka Tonga mba Hanompo Azy*; saingy tsy manana feo ampy fotsiny aho, ary avy eo, hanaovana an'izany. Nafana aho teto indray hariva ka nivoaka. Ary tena nafana aho rehefa niditra tao anaty fiara, dia nameno setroka azy mihitsy. Nampidiniko ny varavarankely ary nandeha nody. Eny ny—mihevitra aho fa Alakamisy na Zoma hariva izany. Ny ampitso hariva mihitsy, dia nanomboka nahazo aho—atoandro—dia nanomboka farim-peo kely aho, karazan'ny... Oh, ilay izy dia... Izaho tsy—tsy marary, tsy misy tazo, tsy misy aretina, tsy misy sery; fa ilay izy fotsiny dia tahaka ny—tahaka ny laryngite eo amin'ny tendanareo fotsiny nohon'ny firesahana ary—ary maharary nohon'ny fitoriana mafy, ary avy eo—ary avy eo dia lasa mangatsiaka ilay izy. Fa izany dia ho—ho mety tsara izany afaka andro iray hafa na roa, angamba amin'ny Alahady. Mety ho tonga aho hanampy ny Rahalahy indray. Rehefa mahavita ny toriteniny izy, dia hikaroka aho ary hahita an'izay sisa tavela.

⁸ Ary avy eo—ary avy eo dia tiako ny fiangonana rehetra handray ny Fanahy Masina. Ankehitriny, mipetraka eto ny vinantovaviko. Tsy satria hoe vinantovaviko izy, tsy satria hoe eto izy, izy no iray amin'ireo zazavavy mahafinaritra indrindra izay fantattro; zazavavy iray mahafatifaty izy, Loyce. Ary notezaina tamin'ireo zavatra lehibe izy avy amin'ny fihaviany, izay tsy maintsy nivoahany avy tao amin'ny fianakaviana iray izay tsy nanompo an'Andriamanitra sy ny sisa. Malahelo an'ilay ankizy aho, tsy maintsy notezaina tahaka an'izany. Ary ankehitriny, mitady ny Fanahy Masina izy, ary nifady hanina mandra-pahatonga azy ho zara raha afaka mitsangana, mifady hanina sy mivavaka ho an'ny Fanahy Masina.

⁹ Ny anabaviko, Delores, hoy izy, “Bill, izaho fotsiny... Rehefa ny fiangonana no—ny hery no tao amin'ny fiangonana,” hoy izy, “dia nahatsapa toy ny hoe afaka hanidina mihitsy aho. Ary noho izany, rehefa ny olona rehetra—nanomboka nilatsaka teo amin'ny olona ny Fanahy Masina,” hoy izy, “dia nipetraka teo fotsiny aho ary njery manodidina.” Hitanareo? Eny, hitanareo, ary ato izany fanontaniana izany izao hariva izao, mikasika an'izany. Noho izany dia nieritreritra aho fa angamba mety hanampy ny fiangonana izany mba—mba handraisana. Ary ankehitriny, tsy tiako ny haka favoriam-bavaka Alarobia hariva

ka hanapaka azy ho zavatra tahaka an'izany, saingy izaho—tiako ny hahazo antoka fa ny fiangonana dia mahazo tsara an'ireo zavatra ireo (hitanareo?), alohan'ny . . .

¹⁰ Ary niresaka tamin'ny dokotera iray aho teto tamin'ny Alahady, niverina teny amin'ny farany aorian'ny fiangonana teto teny—teny amin'ny farany aorian'ny fiangonana. Dokotera mpitsabo iray izy. Namily fiara izy hatrany amin'ny (aiza no misy ny foiben'ny Assemblée de Dieu ankehitriny? Any . . .) Springfield, Missouri, mba hanatrika ny favoriana.

Ary hoy izy hoe, “Rahalahy Branham . . .” (Ankehitriny hatrany amin'ny foiben'ny Assemblées izany.) Ary hoy izy hoe, “Nandritry ny fiainako rehetra no nanontaniako mikasika an'izany.” Hoy izy, “Izany no fotoako voalohany hany nampilamina ahy teo amin'izany tamin'ny fiainako.” Hoy izy . . . Nihaona tamiko izy tao ambadika tao amin'ny efitra, nipetraka, dokotera mpitsabo iray.

¹¹ Ary—ary noho izany, Rahalahy Mercier sy Rahalahy Gene Goad ao ambadika ao miaraka amin'ireo fandraisam-peo . . . Izao ankehitriny izao, nilaza Rahalahy Mercier fa nahazo ny tsara indrindra avy tamin'ilay favoriana izy izay—izay nanazavanay fa—fa rehefa tonga tao amin'ny favoriana io Fanahy Masina io ka—ka nizarazara ny Tenany, ary Andriamanitra mizara ny Tenany eo anivon'ny Olony . . . Eny, izany mihitsy no Ataony. Ary avy eo, rehefa manomboka mivory miaraka indray ny olon'Andriamanitra, dia misy ny firaosana, misy ny hery. Hitanareo? Ary na oviana na oviana no miangona tanteraka ny olon'Andriamanitra, dia mino aho fa hiseho ny fitsanganana amin'izay fotoana izay. Hisy fotoan'ny fampakarana iray izay hanombohan'ny Fanahy Masina hanangona azy. Izy ireo—ho ao amin'ny havitsiana izany, mazava ho azy, saingy hisy fanangonana lehibe iray.

¹² Ankehitriny, ireto lamba fangataham-bavaka izay nalefa ireto, *The Voice of Healing . . .* Izaho avy hatrany dia, ny voalohan'ny taona, raha sitraky ny Tompo, izaho—ho any Kingston aho, Jamaica, any Haiti, ary avy any . . . Ny—nandefa fanasana ho ahy ny filohan'i Haiti, miaraka amin'ny—miaraka amin'ny milisiny rehetra ho fiarovana. Manana fitokonana izy ireo any. Ary ny amin'izany, tiany ho tonga miaraka amin'ity karazana asam-panompoana ity izahay, izay efa henony fa efa nifarana tany—tany San Juan tamin'ny taon-dasa fony izahay tany. Nilaza izy fa nihevitra hoe izany no zavatra tokana izay hanavotra ny fireneny. Hitanareo?

¹³ Ankehitriny, raha manana sakaiza Katolika iray aho mipetraka eto, dia tsy nilaza an'ity aho ho—haniratsira anareo na inona na inona; tsy tahaka an'izany no tiako ilazana azy. Fa ny fiangonana Katolika dia miezaka ny hanapaka an'i Haiti (hitanareo?); ary ny zavatra tokana izay hamonjy azy, dia ny

fifohazana Protestanta iray, manozongozona izao ankehitriny izao. Hitanareo? Ary tena tsara ilay izy, ka mankasitraka an'izany aho. Ary noho izany dia niteny taminy aho, mandritry ny herinandron'ny Krismasy sy andro vitsivitsy manaraka ankehitriny, afak'ampitso, handeha somary hifady hanina sy hivavaka izahay, ary hahita hoe lèlana iza no hitarian'ny Tompo anay.

¹⁴ Avy eo dia Amerika Atsimo... Ary avy eo, tena mahatsapa tanteraka ho voatarika aho handeha any—any Norvège. Voatarika tanteraka mihitsy ho any Norvège aho amin'ity taona ity, ary avy eo, any Afrika ihany koa. Ary ity dia—hotapahana ho ribà kely ary halefa any Afrika alohan'ny fivoriana. Izany dia hoe firy ny olona... Afaka mahazo hevitra ankapobeny ianareo hoe firy ny olona mangataka lamba fangataham-bavaka ankehitriny rehefa mandre izy ireo fa ho avy ianareo, hitanareo, miditra fotsiny—mifandray indray. Noho izany ireto dia lamba kely izay notapahana ihany koa ary vonona halefa any—any amin'ny olona samihafa.

¹⁵ Noho izany miaraka amin'ity Fianganan'Andriamanitra Velona lehibe ity, dia ndao isika hanondrika ny lohantsika vetivety fotsiny ankehitriny. Ary ny tsirairay avy aminareo amin'ny fombanareo manokana, mivavaha amin'Andriamanitra mba hanosotra an'ireto lamba ireto. Ankehitriny, voalohany dia manonona ny Soratra aho hoe, "Nalain'izy ireo avy tamin'ny vatan'i Paoly ireo mosara na aron'akanjo, ka napetrany teo amin'ny marary izy ireo, dia nivoaka tamin'ny olona ny fanahy ratsy, sy ny fahoriana; ary sitrana izy ireo."

¹⁶ Tompo, eo ambonin'ity birao kely ity izay efa nipaytraka teto nandritra ireo taona rehetra ireo, ary ahoana fa efa nitahy betsaka anay Ianao, ary ny—ny Filazantsara dia nandeha tsy ankisahatra nanerana an'ity, ary... Raha afaka nanana maso fotsiny mantsy ity birao kely ity na afaka niresaka, dia afaka niteny an'ireo fahagagana lehibe an-jatony izay natao teo anatrehany mihitsy izy: kilemaina, mandringa, jamba, lanin'ny homamiadana. Ary ny herin'ilay Andriamanitra Velona dia efa nampahafantarina tato amin'ity tranobe kely ity. Ary Andriamanitra Ray, misaotra Anao fotsiny izahay noho ireo zavatra rehetra ireo.

¹⁷ Ary ankehitriny, dia nivory miaraka ny fianganana izao hariva izao mba hanompo Anao. Tonga izahay ho—mba hamaly an'ireo fanontaniana izay napetraka. Ny fahatsoram-po sy ireo fon'ny olona no mahatonga an'ireo zavatra ireo hanao azy ireo ho sahirana ao an-tsainy. Ary Tompo, tena fantatray, fa raha misy zavatra manahirana anay, dia tsy afaka hanana finoana mihitsy izahay, raha mbola misy fanontaniana iray foana. Noho izany dia tena tsy mila fanontaniana izahay.

¹⁸ Tompo, hitanay ny ilàna ny batisan'ny Fanahy Masina eo

anivon'ny olonay sy eo anivon'ity fiangonana ity. Ary izahay—tsy mila fanontaniana izahay ao an-tsain'izy ireo. Tianay hazava tanteraka izany rehetra izany, mba hahafantaran'izy ireo hoe inona Izany rehefa tonga Izany, ary ahafantarany fa ho azy ireo Izany.

¹⁹ Ary avy eo, any ampitan'ny ranomasina, mankany amin'ireo aty ala maizina lavitra any izay ikapohana an'ireo amponga, ary ireo boka dia mandry manodidina ao amin'ilay—eo ambanin'ireo hazo, ary mitangorona ireo lalitra, ary ny—ary tsy misy ny ranjon'izy ireo ary ny sofiny lany ary ny tarehin'izy ireo lany tanteraka, ny habokana. Maimbo, Tompo, hany ka zara ianareo raha afaka hiditra ao anatin'ny vondron-tanànan'izy ireo. Ary ireo ankizy kely mahantatra tsy manana sakafo, tsy manana akanjo... Ary tia ahy izy ireo, Tompo. Ary izy ireo—nino ny asam-panompoana izy ireo, rehefa nanasitrana ny maro tamin'izy ireo ny Herin'ilay Andriamanitra Velona. Ary tsy nanana fitsaharana aho tao amin'ny fanahiko hatramin'ny andro nandaozako an'i Afrika, nahafantatra fa ireo olona mahantatra, mampalahelo dia ao anatin'izany toerana mahatsiravina izany any, ary miaina ao anatin'ny toeran'ny finoanoam-poana. Ary ilay mpampianatratra mpamosavy, miaraka amin'ireo taolan'olombelona mikapoka azy ireny amin'ny rantsan-tànany, sy niantso an'ireo fanahy ratsy, ary oh, inona ny—toerana iray toy ny inona, ary avy eo ny mieritreritra, eto Amerika, an'ireo fiangonana maha-te-ho tia sy toerana goavana. Ary, Andriamanitra, ary ny mahafantatra fa tena manana ilaina ireo olona mahantatra ireo, mahita azy ireo tonga ao amin'ny fivoriana, mandry eo an-tampon'ilay hafa, ary maro amin'izy ireo no maty mandry eo, miezaka fotsiny mba handre teny vitsivitsy avy amin'ny olona iray izay nolazain'izy ireo fa mahafantatra Anao. Nanomboka niakatra ny fon'izy ireo, Tompo, satria ny Hafatra sy ireo taratasy dia miparitaka manerana an'i Afrika ankehitriny. Ireo afo, toy ny hoe, manomboka mirehitra indray.

²⁰ Ary ny Fiangonanao lehibe any, izay fiangonana mahery iray, dia nizarazara potipotika, oh Andriamanitra, ary nisaraka ny anankiray nankao amin'ny antokon'ny ara-pomba kokoa, ary—ary ireo hafa dia mbola miezaka mifikitra foana eo amin'ny Fahamarinana sy ny Fanahy. Ary ankehitriny, an'arivony no mandefa ankehitriny; mila lamba fangataham-bavaka haingana izy ireo izay—efa nivavahako. Ao anatin'ireto valopy kely eto ireto dia misy—misy fangataham-bavaka, amin'ny fonosana kely izay handeha hankany amin'ny manana ilaina. Oh, Andriamaniry ny Lanitra izay nanao ny lanitra sy ny tany, mivavaka Aminao aho, Tompo, amin'ny Anaran'i Jesosy mba Hanamasinanao ny dian-jaitra tsirairay amin'ireto lamba ireto. Ary enga anie Ny Fanahinao Masina handeha hiaraka amin'ny dian-jaitra tsirairay an'izany, Tompo. Ary rehefa apetraka

amin'ny marary sy ny ory izany, dia enga anie hiala amin'izy ireo ny fanahy ratsy.

²¹ Mieritreritra indray an'ireo aty ala izay handehanan'ireto zavatra ireto, maro amin'izy ireo, izay misy azy ireo—mivavaka amin'ny devoly mihitsy aza. Mivavaka aho, Andriamanitra, mba tsy hananany toerana iray hitsangana, fa hiala amin'ireo toby izy, ka ho entina eo amin'ny fahalalana ny Tompo Jesosy ny olona. Ekeo izany, Tompo. Enga anie ho sitrana ny aretin'izy ireo, hivaha ny olan'izy ireo, ary ho voavonjy ny fanahin'izy ireo, ka ny Herin'Andriamanitra no banana ny fahalehibeazana. Ekeo izany, Ray. Alefanay ny dian-jaitra tsirairay an'ireto lamba ireto ho firaisansa anankiray. Lela afo kely maro no ato izao hariva izao, Tompo, ary mandefa ny vavakay miaraka mankany Aminao izahay ho an'ity, mba ho sitrana ny olona rehetra izay ametrahana azy. Amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy. Amena.

²² Ankehitriny, afaka mandre ahy ve ianareo any aoriana, tsara mihitsy ery aoriana ery ankehitriny izao hariva izao? Tsara izany. Heveriko fa ho tena faly isika rehefa banana fiangonana iray hafa eto, satria ireto zavatra kely mihantona ireto, dia manapaka ny feonareo ka ianareo—zara raha mandre an'ilay izy mihitsy ianareo.

²³ Ankehitriny, fantatro indray izao hariva izao, izaho—manatona an'ireo toerana aho...Rahalahy Wood, alohan'ny hanadinoako azy, manana an'ity mosara ity aho. Tsy nanome ahy mosara iray ho an'olona iray ve ianao? Sa ianao ilay izy? Nisy olona anankiray nanome ahy mosara iray mba hapetraka ao am-paosiko ary entina, ary nanana azy foana aho hatramin'izay, nandritry ny favoriana. Tsy fantattro hoe iza ilay izy. Nihevitra aho fa ianao no nilaza hoe, "Ento ao am-paosinao ity ho an'olona iray." Anankiray...[Miresaka amin-dRahalahy Branham Rahalahy Neville—Mpand.] Ity ve izany? Rahalahy Jackson, nanana mosara iray ho an'olona anankiray ve ianao? Ity ilay izy. Eny àry. Ity...Eny, tompoko. Eny, ho eto mihitsy ity, Rahalahy Jackson, raha tianao izany. Ary ankehitriny, fantattro fa nisy olona iray nanome ahy azy, nanao hoe, "Ento ao am-paosinao izany." Ary noho izany, dia napetrako tao anatin'ny palitaoko ilay izy ka adinoko ny mikasika azy.

²⁴ Ankehitriny, ho...Ankehitriny, raha sitraky ny Tompo, ka mety tsara ny feoko, na Alahady maraina na Alahady hariva, ny anankiray, raha sitraky ny Tompo, dia tiako ny hiresaka mikasika ny hafatra Krismasy izay ananako ho anareo: *Ilay—Ilay Famantarana Tsy Mety Diso*. Hitanareo? Izaho dia mbola manana...Nokasihako izany tamin'ny Alahady maraina, ary noho izany, dia nisy zavatra nirehitra tao am-poko. Ary lasa lavitra loatra fotsiny aho tamin'ilay hafatra mba haka azy indray. Noho izany aho—tiako ny haka azy amin'ny Alahady maraina, raha sitraky ny Tompo, na Alahady hariva, ny

anankiray. Noho izany dia hihaona miaraka izaho sy Rahalahy Neville amin'io fotoana io.

²⁵ Ankehitriny, araka ny nolazain-dRahalahy Neville, ary toy izany koa no tiako hisaorana ny tsirairay avy aminareo nohon'ny fahatsiarovana ny Krismasy, ireo karatrareo. Rahalahy sy Ranabavy Spencer, voaraiko ny anareo. Ary ireo hafa rehetra eto izay nandefa ny karatrareo ho ahy, manerana, tena mankasitraka azy ireo aho ary ireo fanomezana sy ireo zavatra nalefanareo. Tena mankasitraka an'izany tokoa izahay. Avy—avy amin'ny vadiko, sy izaho, ary—izahay—ary ireo ankizy, misaotra anareo izahay. Maniry izahay ny ho afaka handefa fanomezana Krismasy ho an'ny tsirairay avy, saingy azo antoka fa ho zavatra sarotra iray hataon'ny mpitoky teny iray izany, sa tsy izany? Eny, angamba misy betsaka ny tokony handehanana, tsy afaka hahavita an'izany fotsiny aho. Hitanareo? Izaho fotsiny... Saingy maniry aho ny ahafahako mividy ho an'ireo ankizikely mihitsy aza, ny tsirairay avy, zavatra. Azoko antoka fa tiako ny hanao an'izany, saingy izany fotsiny dia tsy... Tsy afaka manao an'izany ireo mpitoriteny. Hitanareo? Betsaka loatra ny hovidiana. Fa izahay rehetra, azoko antoka, ny tenako sy ireo hafa koa, dia mankasitraka ny fiangonantsika isika. Iray amin'ireo zavatra lehibe indrindra izay neveriko fa nataonareo, dia ny fitiavanareo sy ny finoanareo tsy mety maty izay efa napetrakareo tamiko amin'ny maha—iray amin'ireo pasiteranareo eto, ary—tamin'ity taona ity.

²⁶ Rahalahy Neville, ho anao koa izany, ry rahalahy malalako. Ary ny fanahy tsara izay nasehon'ny Rahalahy Neville isan'andro, toy ny hoe, "Tongava avy hatrany, Rahalahy Branham; io ny polipitra, alaivo avy hatrany izany. Isaorana Andriamanitra, tiako ny mipetraka sy mihaino." Ary izaho—tiako izany. Izaho—tiako mihitsy izany fomba manetry tena, tsy tia tena izay ananan-dRahalahy Neville izany.

²⁷ Ary ny finoanareo rehetra, ary izao fotsiny... Ny zavatra anankiray izay azonareo atao amiko hahazoana fitia, dia mivavaha ho ahy. Ankehitriny, hanana andiana favoriana maromaro aho alohan'ny hanombohan'ireo dia goavana mihitsy. Ankehitriny, izy ireo—izy ireo dia hapetraka manodidina, neveriko, any amin'ny manodidina an'i Glasgow, Kentucky, hanana hariva iray aho. Angamba Campbellsville, Kentucky, hanana hariva iray aho. Ary—ary any amin'ny toerana hafa iray any Kentucky, Willow Shade, mino aho fa izay ilay izy, manana hariva iray aho. Satria... Tahaka an'izany fotsiny, hampahafantariko anareo mihitsy vantany vao voalaminay izy ireo, ny amin'ireo favoriana izay ho avy, izay ho favoriana maromaro kely fotsiny ankehitriny, mandra-piveriko eny amin'ny saha indray.

²⁸ Fa vao nanokana ny tenako ho an'Andriamanitra indray aho ary vaovao indray hariva. Ary

nohon'ny fanampian'Andriamanitra sy nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra dia te-hijanona ao anatin'ilay lamboridy aho mandra-pahafatiko. Hitanareo? Telopolo taona lasa izay no nanaovako an'izany. Ary izaho efa tao... Saingy tena reraka aho indraindray, lasa any ankoatry ny tenako aho. Tonga eo amin'ny toerana iray izay tsy ahafahako mandeha lavidavitra kokoa aho. Hitanareo, ianareo rehetra dia mahita an'izany fotsiny eto. Ianareo—tsy fantatrareo fotsiny hoe inona izany any, sy any ivelany, ary eto. Ary—ary tsy avy amin'ny iray akory aza—tsy avy amin'ny tanàna iray akory aza, tsia; fanjakana iray, tsia; tsy avy any Etazonia; fa izao tontolo izao (hitanareo?), manerana an'izao tontolo izao. Hitanareo? Ary izany—maro izany, neveriko, ny mifandray izao hariva izao, nihaonako na nifandraisako, tsy an'arivony, fa olona antapitrисаны. Hitanareo? Ary ho gaga mihitsy ianareo hoe firy amin'izy ireo no marary. Hitanareo? Ary miantsio izy ireo; ary manao fanerena lehibe izany.

²⁹ Noho izany dia mankasitraka ny vavakareo rehetra aho. Ary nohon'ny fanampiana sy ny fahasoavan'Andriamanitra, dia mirary Krismasy Sambatra ho an'ny tsirairay avy aminareo. Tsarovy ny teniko, tsy Santa Claus ity, ho an'i Jesosy ity. Hitanareo? *Krismasy* dia midika hoe "Kristy." Ary nitaingina fiara izahay omaly hariva, naneho tamin'ireo ankizikely an'ireo trano rehetra voaravaka sy ny zavatra rehetra, izay tena mahafinaritra. Saingy nieritreritra aho, raha mba izaho no teo—na inona na inona eo an-tranoko, izay hany tiako hosoratana, dia ho takelaka néon iray hoe: *Matoky Fa Kristy Anie No Ho Ao Amin'Ny Krismasinareo*. Marina izany. Avereno ao amin'ny Krismasy Kristy.

³⁰ Ankehitriny, Andriamanitra Ray, manatona an'ireo fanontaniana izahay ankehitriny. Tena, tena am-pahatsoram-po no ahatongavanay. Ary—ary ireto olona sarobidy ireto, Tompo, no nametraka an'ireto fanontaniana ireto ary—izany no ao ampon'izy ireo, ary angamba mbola maro ato amin'ny tranobe; ary te-hahafantatra fotsiny an'izay hatao izy ireo. Ary Ray, izaho—tena mpisolo mahantra iray Anao aho, saingy mivavaka aho mba Hanampianao ahy hahafantatra Ny Teninao, mba hitondra anjara mahafa-po iray Izany amin'ny fanontaniana tsirairay. Eo an-Tànanao àry no ametrahanay an'ity, ary amin'Ny Anaranao no angatahanay an'izany. Amena.

³¹ Ankehitriny, ny fanontanian'ny Rahalahy Pat eto dia tena, anankiray tena tsara. Mety hanomboka eo amin'izany fotsiny aho, Rahalahy Pat. Ankehitriny, raha manana fanontaniana iray ny sisa aminareo, dia soraty fotsiny izany ary apetraho eto ilay izy, na—na Rahalahy Pat dia hitondra singan-taratasy iray ho anareo raha tsy manana singan-taratasy iray ianareo; na ho faly mihitsy aho ny hanao ny tsara indrindra izay vitako hamaliana an'izany.

Ankehitriny, tena fanontaniana iray ity, Rahalahy Pat. Toy ny hoe somary mampihomehy ilay izy, saingy fanontaniana iray izany.

101. Aiza ireo fanahy izay nuditra tao amin'ny kisoa ankehitriny? Aiza ireo fanahy izay nuditra tao anatin'io andian-kisoa io tamin'ilay andro izay namoahan'i Jesosy azy ireo avy tamin'ilay adala?

³² Eny, Rahalahy Pat, amin'ny tsara indrindra amin'ny fahalalako... Ankehitriny, manomboka amin'ny demonolojia isika mba hanombohana. Ankehitriny, zavatra lehibe iray ny demonolojia. (Ankehitriny, ny sasany aminareo jereo ny famantaranandro ary aza mamela ahy handeha ela loatra eo amin'ny fanontaniana anankiray.) Fa ireo herin'ny demonia ireo, ireo fanahy ireo dia tao amin'ny lehilahy iray antsoina hoe Legiona aloha. Tsy marina ve izany? Ary satria Legiona no anarany, satria *Legiona* amin'ny teny Hebreo dia midika hoe "maro." Hitanareo? Nisy maro tamin'izy ireo.

³³ Ary ireo fanahy izay tao amin'io lehilahy malala io no nitarika azy ho very saina. Ary raha efa mba nahita olona iray very saina ny olona iray na tsy maintsy nikarakara azy ireo, izy ireo imbetsaka dia ny—ny—ny heriny, satria tena azon'ny devoly izy ireo. Raha ianareo no efa mba teo amin'izay nisy o—olona iray nahavery ny sainy, oh, mila lehilahy tsara maro hihazona azy ireo. Ary avo roa na telo heny ny herin'izy ireo.

³⁴ Ankehitriny, rehefa kilemaina ny olona iray ka mahazo azy ny Fanahy Masina, raha manana hery tahaka an'izany ny devoly mba hanao olona iray avo telo na efatra heny ny herin'olombelony, dia hery firy no azon'Andriamanitra apetraka ao anatin'ny olona iray? Hitanareo? Izany no tonga eo aminy mba hanao azy handeha amin'ny herin'Andriamanitra, nefo izy efa nandry nandringa nandritra ny taona maro. Lasa mahitsy ireo taolany; ary lasa mahitsy ireo tànany; mandeha izy, ary tahaka ny olom-baovao tanora iray, satria ny herin'ny Fanahy Masina no eo aminy.

³⁵ Ankehitriny, tena ratsy tokoa izy ireo hany kanofatoran'izy ireo tamin'ny rojo ilay lehilahy, nefo afaka nanapaka azy ireo izy. Ary nilaza izy ireo hoe notapatapahany nisaraka izy ireo. Ary tsy nisy—tsy nisy na inona na inona afaka namatotra azy. Trangan-javatra tena ratsy marina tokoa izy, satria nanana legionan-demony iray izy tao anatin'y. Ary noho izany, rehefa izy... Ary niampita Jesosy ka tonga tao Gadara ka nanomboka nandalo teo akaikin'ireo fasana... Ary tena ratsy izy, tsy ilay olona (hitانareo?), ilay olona dia nety tsara.

³⁶ Tsy ilay olona izany. Rehefa mahita olona iray tahaka an'izany ianareo, dia aza mihevitra mihitsy fa ilay olona izany; ny devoly izay ao anatin'ilay olona izany.

Ankehitriny, ilay adala teo amin'ny lampihazo tamin'io hariva io, dia saika hamono ahy, tany Oregon. Io lehilahy io, izaho—rehefa nanatona ahy izy, raha tokony... nandrora teo amin'ny tavako izy ary niantso ahy hoe “bibilava ao anaty bozaka” teo anatrehan’ny olona saiky iray alina, eny, tsy izany ilay izy, tsy ilay olona izany. Izy dia olona iray izay mihinana, misotro, matory, angamba miaraka amin'ny fianakaviana iray, ary tia, ary—ary tahaka ahy na ianareo mihitsy. Fa ilay izy dia io devoly tao aminy io no nanao an’izany. Hitanareo?

³⁷ Ary tsy mamoaka devoly amin'ny toeatra ratsy mihitsy ianareo. Mila fitiavana ny manao an’izany. Ary ny fitiavana no hery matanjaka indrindra izay misy eto amin’izao tontolo izao. Ankehitriny, raha mahamarika ianareo, dia mankahala foana ny devoly. Avy amin'ny devoly ny fankahalana. Ary rehefa mankahala olona iray ny olona, dia tsarovy, devoly iray mahatsiravina ny manao tsinontsinona na tsy tia. Tsy tokony hanao an’izany ianareo.

³⁸ Tsarovy fa ny—ny... Jesosy dia nilaza tao amin'ny Toriteniny fa rehefa mivavaka ianareo hoe, “Ry Rainay Izay any Andanitra,”... Ary rehefa nidina Izy, dia hoy Izy hoe, “Raha tsy mamela ny heloky ny olona rehetra avy amin'ny fonareo ianareo, dia tsy mamela anareo amin'ny helokareo koa ny Rainareo any An-danitra.” Hitanareo? Tsy tokony hanao an’izany ianareo.

³⁹ Fa ankehitriny, rehefa mamorona ny herin'ny fankahalana ny devoly (hitinanareo?) hihazakazaka teo amin'ny lampihazo hamono ahy, izay izy ara-batana, mihoatra noho ny mahavita izy, imbetsaka kokoa... Afaka nampakatra ahy izy, angamba, tamin'ny rantsan-tànanay roa, tamin'ny alàlan’ny fehin-kibo tahaka an’izany, satria nilanja roa amby enimpolo na roa amby fitopolonzy; lava kokoa noho ny enina dian-tongotra sy sasany na fito dian-tongotra izy, lehilahy goavana be. Ary izao fotsiny... Vao avy namely mpitoky teny iray tamin'ny totohondry izy teny an-dàlambe, nanapaka ny taolam-bozony sy ny valanoranony, ary nandratra azy, ary nametraka azy tao amin'ny hopitaly iray. Nankahala mpitoky teny fotsiny izy. Ary noho izany, nihazakazaka avy hatrany teo mihitsy izy mba hamono ahy. Hitanareo?

⁴⁰ Ankehitriny, tao anatin'io lehilahy io no nisy ny sasany tamin'ireo fanahy ireo izay noroahina avy tao amin'ny kisoa tao Gadara. Ny sasany amin'ireo olona mahantra ireo dia any amin'ny toeram-pitsaboana adala eto, manakapoka ny lohany amin'ny fefy misy fonony, efitrano kely. Tsarovy, fa tsy maty mihitsy ireo devoly. Velona foana ireo devoly, saingy hisy fotoana iray izay tsy maaintsy hahafatesan’ireo devoly. Ho lasa ringana tanteraka izy ireo. Fa ankehitriny, dia velona izy ireo, ary miasa amin'ny taranaka mifandimby eo amin'ny olombelona. Ny sasany amin’izy ireo dia amin'ny endrika homamiadana; ny sasany dia amin'ny endrika androbe; ny sasany dia amin'ny

endrika raboka. Miditra ao amin'ny nofo izy ireo, nefo toy ny hoe, tsy manan-kery izy ireo mandra-pahafahan'izy ireo miditra ao amin'ny olona iray. Tsy maintsy miasa amin'ny alàlan'ny olona iray izy ireo, izay mitondra mankany amin'ny eritreritra iray hafa, hoe ny Fanahy Masina no—mandrakotra ny tany, saingy saiky tsy afa-manoatra Izy mandra-pahatonga Azy miditra ao aminareeo sy ao amiko.

⁴¹ Andriamanitra dia miankinda amiko sy aminareeo. Hitanareo? Ny Fanahy Masina . . . Feno ny Fanahin'Andriamanitra ny tany, saingy nararaka Izy. Fa Izy—tsy afaka miasa Izy raha tsy tonga ao anatintsika Izy, isika olombelona, mba hiasa.

⁴² Ary ny devoly dia te-hitondra antsika hiasa eo ambaniny. Noho izany rehefa mahazo endrika bonaika izy, dia manomboka amin'ny fahotana. Raha afaka mihazona azy fotsiny ho lehilahy marina iray izy, lehilahy tsara iray, ka mamela azy handroso fotsiny sy hiezaka ny ho tsara tahaka an'izany; raha afaka mihazona azy tahaka an'izany mandra-pahafatiny izy, dia izay fotsiny no tiány hatao. Azony izy, satria tsy mampaninona na marina toy ny ahoana aza ianareeo, tsara toy ny ahoana ianareeo, tsara fitondran-tena toy ny ahoana ianareeo, madio toy ny ahoana ianareeo, mahitsy fo toy ny ahoana ianareeo, tsy handeha any An-danitra mihitsy ianareo raha tsy nateraka indray. Jesosy no niteny an'izany. Noho izany dia tsy misy . . . Izany . . . Tsy maintsy hateraka ianareeo, tsy maintsy hateraka indray ianareeo, raha tsy izany dia tsy misy fomba eto amin'izao tontolo izao hany hidiranareo any An-danitra, na hany—na hany hanatonana an'i Kristy.

⁴³ Ankehitriny, nilaza aho fotoana vitsy lasa izay, izay mety hampisy fanontaniana iray hafa ao an-tsainareeo, izay izaho—izay nampianariko, ary izany dia eo—eo . . . Hoe izaho dia tena tsy mino fa misy mandrakizay iray . . . Tsy mino aho fa ny Baiboly dia mampianatra helo mandrakizay iray, mirehitra. Tsy mampianatra Izy, satria raha mandrakizay ny helo ary ho voasazy mandrakizay ny olona mandeha any, ny fomba tokana ahafahan'izy ireo ho voasazy mandrakizay, dia tsy maintsy hanana Fiainana Mandrakizay izy ireo. Ary tsy misy afa-tsy endrika tokana ny Fiainana Mandrakizay, ary ao amin'Andriamanitra izany. Hitanareo? Noho izany dia tsy maintsy tonga any amin'ny fandringanana izy ireo (hitanareo?); izany hoe, lasa ringana ny ampanhan'izy ireo ara-batana, ary avy eo dia lasa ringana ny ampanhan'izy ireo ara-panahy. Izany hoe levona tanteraka; tsy misy intsony ny amin'izany. “Na ny faka na ny sampana,” no iantsoan'ny Baiboly azy. Rava tanteraka izy ireo.

⁴⁴ Ary avy eo, afaka manaporofa aho fa misy ambaratongany any An-danitra, hoe tsy hitovy izy rehetra, saingy hanana ny Fiainana Mandrakizay mitovy ianareeo. Fa ny Baiboly dia nilaza fa ny mpanjakan'ny tany dia hitondra ny hajany sy ny voninahiny

(Apokalypsy 22)—hitondra ny hajany sy ny voninahiny ho ao antanàna. Izany no manaporofa fa hisy mpanjaka ao amin'ilay tany vaovao, mpanjaka sy mpanapaka. Niteny tamin'ireo Mpianany Jesosy . . . Hoy izy ireo hoe, "Inona no ho azonay rehefa nandao ray, sy reny, ary ny rehetra izahay mba hanaraka Anao?"

⁴⁵ Hoy Izy, "Marina tokoa, Lazako aminareo, hipetraka eo amin'ny sez a fiandrianana roa ambin'ny folo ianareo, hitsara an'ireo foko roa ambin'ny folo an'i Isiraely amin'izany andro izany." Hitanareo, izany dia ny hafa, rafitra iray eto an-tany izay ho avy izany izay ho—izay ho faratampony lavitra amin'ny zavatra rehetra. Tsy hisy fahotana ao anatin'izany, kanefa hanana mpanapaka sy ny sisa izy ireo ao an-tanàna, rehefa ho entina araka ny Fiainana Mandrakizay ny zavatra rehetra.

⁴⁶ Fa ny ratsy fanahy kosa dia ho voasazy nohon'ny fahotany araka ny asa izay vita tao amin'ny vatana, ary avy eo dia ho ringana tanteraka sy manontolo. Ankehitriny, tsarovy fotsiny izany. Ianareo izay mandray naoty, tsarovy izany.

⁴⁷ Ary raiso feo aho eo amin'izany, hoe endrika Fiainana Mandrakizay tokana ihany no misy, ary mitady an'izany isika; ary Andriamanitra irery no manana Fiainana Mandrakizay.

Tsy misy karazana Fiainana Mandrakizay anankiroa, Fiainana Mandrakizay anankiray, ary izany ihany no velona. Ary tsarovy, apetraho eo amin'ny naotinareo koa ity: Ny zavatra rehetra izay natao, izay nanana fiandohana iray, dia manana fiafarana iray. Ny zavatra rehetra izay nanana fiandohana iray dia manana fiafarana iray, ary izay tsy nanana fiandohana ihany no tsy manana fiafarana. Ary zavatra iray ihany no tsy nanana fiandohana iray mihitsy, ary izany dia Andriamanitra. Ary izany no fomba tokana ahafahanareo hitsangana amin'ny fitsanganana, dia ny manana an'io Fiainana Mandrakizay io ao anatinareo. Hitanareo? Izany no hany fomba tokana izay hany hiverenanareo, dia zavatra izay tsy nanana fiandohana. Ary rehefa nandray ny Fanahy Masina ianareo, dia mitoetra ao anatinareo ny Fiainana iray izay tsy nanomboka mihitsy ary tsy afaka hifarana mihitsy; ary raha manana an'io Fiainana io ao anatinareo ianareo, amin'izay fotoana izay dia manana Fiainana Mandrakizay ianareo ary zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra. Hitanareo? Ary tsy afaka ny ho faty intsony ianareo tahaka an'Andriamanitra tsy afaka ho faty, satria amphan'Andriamanitra ianareo.

⁴⁸ Nanana an'ilay fanontaniana isika teto vao teo, ato any ho any, ny amin'ny fifidianana mialoha, izay mitondra an'izany mihitsy mankany amin'io zavatra iray ihany io. Lasa amphan'Andriamanitra ianareo; ary raha nizarazara ny Tenany tao amin'io Andry Afo lehibe io Andriamanitra, ary nandeha teo ambonin'ny tsirairay avy tamin'ireo olona ireo lela kely ireo, ary mbola manao an'ilay zavatra iray ihany Izany androany.

Afaka manaporofa an'izany isika amin'ny alàlan'ny fahatsapana izay ananantsika, amin'ny alàlan'ny fampianaran'ny Baiboly, amin'ny alàlan'ny fikarohana siantifika, sary mba haneho fa izany Io, hoe Andriamanitra dia mizarazara ny Tenany eo anivon'ny Olony. “Ary satria velona Aho, dia velona koa ianareo,” hoy Jesosy. Tsy afaka ho faty isika. Tsy misy izany fahafatesana izany ho an’ny Kristiana iray; “Fa izay mino Ahy, na dia maty aza izy, dia mbola ho velona: Ary izay rehetra velona ka mino Ahy dia tsy ho faty intsony.” Hitanareo?

⁴⁹ “Maty,” ny teny hoe *fahafatesana* dia midika hoe “nosarahina.” Ankehitriny, ara-batana, misaraka amin’ny lafiny ara-batantsika isika, satria mbola fahotana foana izany, fa ny fanahintsika dia avy amin’Andriamanitra izay tsy azo sarahina amin’Andriamanitra mihitsy, satria ampanhan’Andriamanitra isika. Isika dia—isika dia mitondra... Averina mankao amin’io fisainan’Andriamanitra io isika. Ny zavatra rehetra izay ataon’Andriamanitra dia tanteraka sy mandrakizay. Ary rehefa nivoaka ireo tena fisainan’Andriamanitra mikasika ny fanjakan’olona iray izay hanompo Azy, dia mandrakizay ireo tena fisainana ireo. Hitanareo? Tsy afaka ho levona intsony izy ireo. Ny tenin’Andriamanitra tsirairay dia Mandrakizay. Hoy Jesosy hoe, “Ny lanitra sy ny tany ho levona, ny lanitra sy ny tany samy mety ho levona, fa ny Teniko tsy ho levona mihitsy.” Hitanareo? Mandrakizay miaraka amin’Andriamanitra Izzy ireo. Ary “Raha mitoetra ato Amiko ianareo ary Ny Teniko ao anatinareo...” Hitanareo? Lasa ampanhan’Ny Teniny isika, ampanhan’Ny Fiainany, satria nofon’ny Nofony isika, sy taolan’ny Taolany, ary ain’Ny Ainy. Noho izany dia tsy afaka ho levona intsony isika tahaka an’Andriamanitra Izzy tenany tsy mety levona. Izany no atao hoe Fanahy Masina.

⁵⁰ Niala avy tany Georgia teto ny lehilahy kely iray, Rahalahy Evans. Efa hatraiza hatraiza izy nanerana ny firenena. Ary izy dia mpanohana lehibe iray an’ny sakaizako tsara, Oral Roberts; ary izy—nanohana ny fandaharan’ny televizionany rehetra izy tany, ary nanao zavatra betsaka izy. Fa nilaza tamiko izy indray andro, hoy izy hoe, “Rahalahy Branham, nandeha tany amin’ny sekolin-dRahalahy Jagger aho. Nandeha hatraiza hatraiza aho; nijanona tany nandritra ny telo volana aho. Nihaza aho; nandeha nankany amin’ireo toerana aho, ny tsirairay avy tamin’izy ireo, ary nitondra an’ilay izy teo amin’ilay zavatra iray ihany. Tsy afaka nahita toerana iray izay nananako antoka mihitsy aho (hitانareo?), raha manao an’ity aho, na manao an’itsy aho, ary izay azoko atao *eto*, na izaho izany, na tsy izaho,” hoy izy, “mandra-pandrenesako an’ireo fampianaranao.” Hoy izy, “Tamin’izay fotoana izay dia nilamina hatrevo indray mandeha tsy niverina izany.” “Fa ny mpivavaka nodiovina indray mandeha tamin’ny fahotany dia tsy manana fieritreretana ny amin’ny fahotana intsony.” Efa tafafindra avy

tamin’ny fahafatesana ho amin’ny Fiainana izy, ary manana Fiainana Mandrakizay izy ao anatiny izay mipetraka ao ka tsy afaka ho faty intsony tahaka an’Andriamanitra tsy afaka ho faty. Ny Baiboly marina tokoa. Hitanareo? Voakarakara mandrakizay izy, satria manana Fiainana Mandrakizay.

⁵¹ Ankehitriny, tsy midika izany hoe afaka manota ianareo ary milamindamina amin’izany, satria rehefa manota ianareo dia voasazy nohon’ny fahotanareo. Marina tokoa. Fa raha mbola ao foana ny Fiainana Mandrakizay, dia velona mandrakizay ianareo. Hoy Jesosy hoe, “Izay mandre Ny Teniko (Masindahy Jaona 5:24)—izay mandre ny Teniko, mino Izay naniraka Ahy, no manana Fiainana Mandrakizay, ary tsy ho tonga amin’ny fitsarana mihitsy, efa—fa efa tafafindra avy tamin’ny fahafatesana ho amin’ny Fiainana.” Hitanareo? Ny rehetra... “Tsy misy olona afaka manatona Ahy raha tsy Ny Raiko no mitarika azy aloha; ary izay rehetra manatona Ahy, Izaho... Ary izay rehetra nomen’Ny Raiko Ahy no hanatona Ahy.” Marina izany. “Izay rehetra Nomeny no hanatona, ary tsy ho very ny iray amin’izy ireo. Izaho hanome azy ireo Fiainana Mandrakizay ary hanangana azy amin’ny andro farany.” (Masindahy Jaona 6) Oh, antoka voatahy iray toy ny inona. Hitanareo? Noho izany dia tsy tokony handeha amin’ny fahatahorana fahafatesana ianareo ka manontany.

⁵² Andriamanitra dia efa nanome antsika antoka tanteraka fa Zanany isika. Ary amin’ny maha-Zanany, dia manitsy antsika Izy tahaka ny anitsiako ny zanako mihitsy, anitsianareo ny zanakareo. Rehefa ao amin’ny fahadisoana, dia manitsy azy ireo isika. Raha—raha manao ratsy ny zanako, amin’izay fotoana izay dia adidiko amin’ny maha-ray iray ny manitsy azy ireo. Ary noho izany, raha manao ratsy ny zanak’Andriamanitra, dia Adidiny izany amin’ny maha-Ray iray, ary hanitsy anareo Izy. Tsarovy fotsiny izany, ho voahitsy ianareo. Fa raha mbola Zanany foana ianareo, dia tsaratsara kokoa amin’izao tontolo izao ny manala ny tànany aminareo (marina izany!), satria hoy Izy hoe, “Tsara lavitra ho anareo raha nanantonana vato fikosoham-bary eo amin’ny vozonareo ka alentika ianareo ao amin’ny halalin’ny ranomasina toy izay hahatonga fahatafintohinana akory aza amin’ny anankiray amin’ireto madinika izay mino Ahy ireto.” Marina izany. Ho inona izany fitsarana izany?

⁵³ Ankehitriny, Rahalahy Pat, miverina amin’ny fanontanianao. Ireo fanahy izay nivoaka tao amin’io lehilahy io, izay nanao azy toy ny adala iray (hitnareo?), dia manao an’ilay zavatra iray ihany ao amin’ny olona amin’izao andro izao. Hitanareo? Ireo fanahy ireo izany, an’alinaliny. Ary ny devoly dia midittra miaraka tahaka ny opium kely iray fotsiny. Ilay izy dia toy ny hoe maka zazavavy kely iray any an-tsekoly izy ireo; ny zavatra voalohany hataon’izy ireo dia ny manao azy hifoka sigara iray. Hitanareo? Izany no manao azy hanomboka. Ary ny

zavatra manaraka ataon'izy ireo, dia hanome iray matanjaka kely kokoa izy ireo. Ary avy eo, ny zavatra voalohany, dia mifafara amin'ny marijuana ilay izy; ary avy eo avy amin'izany, mankany amin'ny tena fahazarana zava-mahadomelina. Inona no ataon'izany? Izany no manao azy ireo ho very saina. Lasa adala fotsiny izy ireo, ary azon'ny devoly izy ireo. Hitanareo?

⁵⁴ Noho izany dia ao amin'ny fifohana sigara ny devoly. Izany no endriny bonaika kely. Ankehitriny, raha hitany fa tena manan-tsaina ianareo ka hahazo an'izany, dia tsy hamela an'izany handeha lavitra noho ny sigara intsony izy. Hitanareo? Raha mbola afaka mihazona anareo eo ela be foana izy, mandrapahafahany maka, hamotika ny fainanareo, satria fantany fa tsy afaka mandeha ianareo raha tsy Andriamanitra no efa niteny an'izany. Fa handre toriteny sy toriteny ianareo, hafatra sy hafatra, sy totohondry sy totohondry eo amin'izany, ary fampitandremana sy fampitandremana eo amin'izany; ary raha afaka mihazona anareo hihodina fotsiny izy ka mihazona ny sainareo eo amin'ny zavatra hafa, toy ny hoe olo-malaza iray, na tsy maintsy azonareo izany, na zavatra tahaka an'izany, amin'izay fotoana izay dia hazoniny eo fotsiny ianareo mandrapandefany anareo. Na raha afaka mamela anareo hikambana amin'ny fiangonana fotsiny izy ka hanao hoe, “Ho zazalahy tsara iray aho. Hamadika pejy vaovao aho. Izaho hahazo... Izaho—handeha any am-piangonana aho ary hikambana amin'ny fiangonana.” Raha afaka mihazona anareo eo ambanin'izany fotsiny izy, dia izay ihany no tokony hataony. Mbola azony foana ianareo, satria ianareo... Hoy Jesosy hoe, “Marina tokoa, marina tokoa (izany hoe tanteraka tokoa, tanteraka tokoa), Lazaiko aminareo, fa raha tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy ny olona, dia tsy hiditra ao amin'ny Fanjakana velively izy.”

Mamelà ahy haneho zavatra iray aminareo fotsiny. Niresaka tamin'ny rahalahy iray aho tamin'ity tolakandro ity, Rahalahy Wood, rehefa teo amin'ny dia iray izahay, nivoaka fotsiny, miezaka hampitonny ny saiko, nitandrina tsy hiresaka mba hananana feo ampy hiresahana izao hariva izao.

⁵⁵ Ankehitriny, mariho! Mandeha eto izahay ary maka voankatsaka goavana tsara iray. Izany no voan-katsaka tanteraka indrindra izay misy eto amin'ny firenena. Ary handeha aho... Eny, katsaka na salohy, na inona na inona tianareo hiantsoana azy. Izaho dia—ho entiko eto amin'ny Clark County Fair izy, ary hahazo ribà manga iray aho eo amboniny. Izany no voan-katsaka tsara indrindra, ny katsaka tanteraka indrindra izay misy, hany hita. Hahazo ribà manga iray aho eo amboniny. Ho entiko mankany amin'ny Floyd County izy; ho entiko any amin'ny Harrison County izy. Ho entiko any amin'ny fanjakana izy, ary ho entiko any amin'ny firenena izy. Ary mahazo ny ribà manga rehetra izy. Izy no voan-katsaka tanteraka indrindra. Ary ireo siantifika miaraka amin'ny solomasonry lehibe, dia mijery azy,

ary mandinika azy izy ireo, mahita an'ilay... Izy no habetsahana potasy tanteraka, sy habetsahana kalsioma tanteraka, ary—ary hamandoana tanteraka iray. Ny zavatra rehetra izay ao anatin'io voan-katsaka io dia tanteraka marina tokoa. Ankehitriny, hoy ianareo hoe, "Hamboleko ity dia hahazo voa iray hafa tanteraka avy aminy aho." Dia ambolenareo amin'ny tany izany. Raha tsy io katsaka io, io voa tanteraka io, no manana ny tsirin'aina ao anatiny, dia hipetraka eo izy ary ho lò, ary izay no fiafarany. Tsy hitsangana mihitsy izy, tsy mampaninona na tanteraka toy ny ahoana aza izy. Izy—tsy hitsangana mihitsy izy raha tsy lonaka amin'ny aina vaovao iray ao anatiny.

⁵⁶ Ary afaka maka olona iray ianareo... Ankehitriny, tsy milaza an'izao aho mba handratra fihetseham-po, izaho fotsiny... Fianganana ity, tabernaklako ity, ary malalaka tahaka ny vorona iray aho. Hitanareo? Ankehitriny dia tiako ianareo hahatsiaro, fa amin'izany, hoe ny olona dia afaka ny ho tsara; afaka mandoa ny fahafolonkarenany izy; afaka ny hahitsy fo izy; afaka manampy ny mpitondratena izy; afaka manampy ny kamboty izy; afaka ny ho mambram-pianganana iray izy. Tsy afaka mahita kilema iray mikasika an'io lehilahy io ianareo. Isaky ny misy zavatra miseho, avy hatrany ao am-paosiny, maka ny iraimbilanja farany izay nananany izy ary omeny ny mahanttra. Izy dia—hanohana anareo izy na an-kasoavana na an-karatsiana. Ho namanareo izy na dia handao anareo aza ny betsaka amin'ireo mody antsoina hafa sy ny zavatra rehetra tahaka an'izany; nefo mbola any ivelan'ny Fanjakan'Andriamanitra foana io lehilahy io raha tsy efa feno ny Fanahy Masina izy, Fiaianana Mandrakizay. Marina izany! Izany no maha-zava-dehibe an'ilay izy.

⁵⁷ Izany no antony iezahako hitondrana ny fianganako hahita an'izany. Ary izaho—mivavaka aho mba tsy iheveranareo fa miezaka mihetsika ho manan-tsaina aho mikasika an'izany. Izaho—miezaka aho miteny aminareo fa tena mamitaka ny devoly, fa tena mamitaka izy hany ka—hanao anareo hihetsika tahaka ny Kristiana iray izy. Hanao zavatra iray izy ary haka tahaka an'i Kristy hatrany amin'ny tena Voafidy mihitsy. Nilaza ny Baiboly fa tena hifanakaiky izy ireo. Ho lehilahy tsara iray ianareo. Ianareo dia hanana...

⁵⁸ Jereo eto ankehitriny, mamelà ahy haneho ohatra aminareo mba hahazo antoka ankehitriny. Tiantsika ny hihazona an'izany ao amin'ny Soratra raha mbola eo amin'ireo fanahy ireo isika. Esao dia lehilahy iray tsara lavitra noho i Jakoba tamin'ny fomba rehetra izay tianareo. Ankehitriny, Esao (Andriamanitra anie hamela ahy noho ity fanamarihana ity), mpijokojoko kely iray fotsiny izy. Izay ihany. Ankehitriny, raha mahamarika azy ianareo, inona izy? Mpifosa kely iray sy mpandainga goavana iray. Ankehitriny, raha—raha disso ny filazako, dia hamela ahy anie Andriamanitra, fa tena nandainga izy. Ary

mpanambaka iray, saiky tsy mbola nisy anankiray tahaka azy mihitsy. Rehefa naka an'ireo tsorakazo maramara mihitsy aza izy ka nametraka azy ireo tao anaty rano mba hahatonga an'ireo biby fiompy sy ondry bevohoka tany ireo hiteraka ondry maramara sy biby fiompy maramara, mba hahazoany azy ireo eo amin'ny manokany—an-tànanay manokana... Inona no nataony? Napetrany teo aminy ny akanjon'i Esao sy tapaka hoditr'ondry iray ary ny zavatra hafa rehetra, ka nandeha teo izy, ary naka tahaka an'i Esao teo anoloan'ny rainy jamba izay mpaminany iray. Marina ve izany? Nahoana, saro-kenatra kely iray izy; izany marina tokoa izy. Ary Esao dia ny... Izaho tsy tokony—angamba tsy tahaka an'izany no tokony nilazako azy. Hitanareo? Tsy tahaka an'izany no tiako lazaina. Izaho—ho sintoniko izany. Izy—izy di...izy—izy dia ny... Tsy fantattro; fantattrareo hoe iza izy. Hitanareo? Eritrereto ao an-tsainareo fotsiny; Izaho dia... Izy dia ny—izy dia lehilahin'Andriamanitra malaza iray, ka tsy te-hilaza na inona na inona ratsy mikasika azy aho (hitnareo?), fa miezaka fotsiny aho manipika kely—ireo zavatra kely izay nataony. Jereo fotsiny hoe ahoana no njokojokoany. Mpandainga? Azo antoka, izy fotsiny dia—nahatsiravina izy. Fa inona no nezahany hatao?

⁵⁹ Jereo i Esao. Lehilahy tsara iray i Esao, tsara fitondranten, mambram-piangonana tsara iray amin'izao andro izao. Inona no nataony? Mpihaza iray izy. Nivoaka izy... Mazava ho azy tamin'izany, tahaka an'izany no nanaovan'izy ireo ny fivelomany. Nikarakara an'ireo andiam-biby fiompy ho an'ny rainy izy. Jamba ny dadany. Mpaminany iray, jamba ny mpaminanin'ny Tompo iray kanofitahin'ny zanany manokana, mpaminany iray, Isaka; amin'ny alàlany no tonga Kristy. Afaka miantso azy hoe mpaminany ianareo, ny Baiboly no nilaza fa izany izy. Ary jamba ve izy? Nahoana izy no tsy nanasitrana ny tenany? Ary nahoana no tsy fantany fa Esao io—fa Jakoba io raha tokony ho Esao? Hitanareo? Tsy miteny ny zavatra rehetra amin'ireo Mpaminaniny Andriamanitra. Miteny amin'izy ireo fotsiny an'izay Tiany ho fantatr'izy ireo Izy. Hitanareo?

⁶⁰ Efa nanao drafitra iray Andriamanitra tamin'izany, ary tsy maintsy niasa tao anatin'izany izy. Andriamanitra... Raha hanolotra ny tenanareo ho an'Andriamanitra ianareo, dia hanao anareo avy hatrany ao amin'ny Drafiny Andriamanitra.

⁶¹ Ankehitriny, mariho izay nataony, izay nataon'ity lehilahy ity. Nivoaka i Esao ary niezaka nikarakara ny dadany mahantre, antitra, jamba; ary Jakoba, toy ny hoe, tsy niraharaha an'izay nitranga taminy. Saingy misy zavatra iray izay nilain'i Jakoba, ny fizokiana izany. Tsy mampaninona izay tonga, ahoana no tsy maintsy ahazoany an'izany, inona no ambaratonga tsy maintsy nahatongavany, io fizokiana io ihany no nokarakarainy. Ary Esao, hoy ny Baiboly, dia nanao tsinontsinona ny fizokiany; ny Baiboly no nilaza an'izany. Ary hoy ny Baiboly hoe, "Fandrao ho

tonga eo anivonareo ny mpijangajanga mirehareha iray, tahaka an'io Esao olon-dratsy io izay nanao tsinontsinona ny fizokiany ka nivarotra an'izany tamin'ny voanemba iray vilia . . .”

⁶² Ankehitriny, inona no fizokiana? Zò izany. Izany no ezahako tenenina aminareo ankehitriny. Io Fanahy Masina io no Fizokianareo; izany no Fizokianareo. Izany no zò nomen'Andriamanitra anareo. Ankehitriny, hoy ny olona amin'izao andro izao hoe, “Handeha any am-piangonana aho. Tsara mihitsy tahaka an'ilay olona manaraka aho. Saingy izaho, hihetsika tahaka ny iray amin'ireo holy rollers ireo ve? Tsy izaho.” Eny, Esao ianareo! Hitanareo? Ilay zavatra iray ihany mihitsy izany, manao tsinontsinona ny fizokiana. Nahoana, natakalony voanemba iray vilia izany. Ary ianareo dia mivarotra an'izany ma- . . . Tsy milaza aho hoe ianareo, fa izao tontolo izao dia mivarotra an'izany ambany betsaka noho izany.

⁶³ Noana i Esao. Fa, hitanareo, raha ny fahatsarana no kaontina . . . Raha misy olona . . . Raha nanatona teo isika ka nijanona nanodidina an'ilay tranolay nandrity ny a-andro vitsivitsy, dia ho hitantsika fa i Esao dia . . . Ho nifidy an'i Esao isika. Hitanareo? Fa tao am-pony dia nila an'io fizokiana io izy. Tsy niraharaha mikasika zavatra hafa izy; nila an'io fizokiana izy. Izay ihany no nilainy.

⁶⁴ Ary Esao dia nila ny ho lehilahy tsara iray, ary nikarakara ny zavatra rehetra, sy nanao ny zavatra rehetra tsara fotsiny, ary nanao ny zavatra rehetra fotsiny toy ny . . . Tena mpanaraka lalàna tsara iray izy; izany Esao. Nila ny zavatra rehetra ho tsara fotsiny izy. Fa Jakoba nila zavatra anankiray, ary ny fizokiana izany, ary izay ihany no nahiany. Ary Esao . . . Jereo izay nitranga tamin'ireo zazalahy anankiroa. Hitanareo? Ary avy tamin'i Jakoba mihitsy aza no nivoahan'ireo patriarka roa ambin'ny folo izay teraka, eny, ny foko roa ambin'ny folon'i Isiraely, avy tamin'i Jakoba. Dia niantso izy—ary Andriamanitra dia niantso an'i Jakoba ho Zanany manokana. Hitanareo ve izay tiako lazaina?

⁶⁵ Io Fanahy Masina io no tokony ho manan-danja kokoa aminareo noho ny zavatra hafa rehetra izay misy eto amin'izao tontolo izao, ny lazanareo, ny fiainanareo, ny asanareo, ny zavatrareo rehetra izay misy. Tsy tokony hitsahatra ianareo mandra-panananareo Azy. Tsy maintsy mandray Azy ianareo. Izany no tsy maintsy indrindra ho . . . Ary hoy ianareo hoe, “Eny, matahotra an'ireo aho—ireo ao amin'ny asako. Matahotra aho fa ny vadiko, ny . . .” Aza matahotra; aoka Izany no ho toerana voalohany. Avelao handeha ny zavatra hafa rehetra. Aoka Izany no ho voalohany. “Eny, manantena aho ny hahazo Azy indray andro any, Rahalahy Branham.” Tsy indray andro any, ankehitriny! Izao no fotoana. “Aoka Izany ho voalohany alohan'ny izaho—alohan'ny anaovako zavatra hafa. Avelao aho

hanana Azy ankehitriny!” Mamoy fo! Hanampy hamaly ny fanontanantsika izany. Ianareo dia fo... rehefa mamoy fo ho an’Izany ianareo, dia tsy maintsy manana an’Izany marina tokoa na maty (hitinanareo?), amin’izay fotoana izay no hahazoanareo Azy.

⁶⁶ Nisy Jiosy kely iray teto an-tanàna taloha. Tsy fantattro na nahafantatra azy ianareo na tsia. Sitrana tamin’ny homamiadana izy. Izy ireo dia nanome—nandroaka azy. Ary rehefa natao batisa tamin’ny Anaran’i Jesosy Kristy izy, tamin’izay fotoana izay dia nandroaka azy marina tokoa izy ireo, namoaka azy tany an-tokotany. Ary noho izany dia lasa izy ary nikambana tamin’ny fiangonana Metodista. Ary fantatr’izy ireo fa natao batisa tamin’ny Anaran’i Jesosy izy, dia navoakany tao amin’ny toetr’andro aotra izy, teo amin’ny ambanin’ny folo, tany Ohio; nametraka fandriana iray ho azy tany ivelany (Rahalahy Fleeman, tokony hahatsiaro an-dRahalahy Vance ianao, sa tsy izany?)—namoaka azy tany ivelany, tany, ary paompin-drano iray tany, ary hoy izy, “Misy rano ampy hanaovana batisa anao indray amin’ny Anaran’i Jesosy eo, heveriko.”

⁶⁷ Kanefa, niteny tantara kely tamiko izy indray mandeha. Nilaza izy fa rehefa ireto olona *sasany* ireto, ny vadiny—izy ireo dia nijanona niaraka... Ary nanangona ny entany tranaindy rehetra tao anaty kamiao tranaindy iray efa simba izy ary nanomboka niala tamin’ny tanàna. Ary hoy ny vadiny hoe, “Mba fantatraq moa? Tokony ho nisotro rano aho talohan’ny nandaozako an’io toerana io.” Hoy izy, “Mangetaheta aho.”

Eny, hoy izy hoe, “Malala, misy fisintonan-drano iray etsy.”

Hoy izy, “Eny, manohiza mandra-pahitanao toerana iray tsaratsara kokoa.” Hitinanareo?

Dia nandeha lavidavitra kely izy, ka hoy izy hoe, “Misy fisintonan-drano hafa iray etsy.”

Hoy izy, “Eny, mandrosoa fotsiny.” Hitinanareo?

⁶⁸ Fa hoy izy, “Noho izany, rehefa tonga tany ambanivohitra izy, dia tsy nisy paompy tany.” Hoy izy, “Niady fotsiny izy ho an’ny—ho an’ny rano fisotro.” Ary hoy izy, “Afaka kelikely, teny an-tsaha lavitra dia nisy paompin’ambanivohitra tranaindy iray, teny an-tsaha, teo ampitan’ny andiana biby fiompy mihitsy; ary natahotra an’ilay biby fiompy izy.” Fa hoy izy hoe, “Hoy izy hoe, ‘Levi, tsy maintsy mahazo ho sotroina mihitsy aho!’” Noho izany izy ireo—najanony ilay fiara. Ary nilaza izy, saiky talohan’ny nahafahany nampijanona an’ilay fiara mihitsy aza, dia efa tafavoaka izy ary niampita an’ilay fefy. Tsy maintsy nahazo rano izy. Ary rehefa lasa tena misy aminareo Andriamanitra, rehefa mangetaheta tahaka an’izany ianareo, hoe na Andriamanitra izany na ho faty ianareo, tsy afaka mahatanty an’izany intsony ianareo, amin’izay fotoana izay dia hisy zavatra hitranga. Izany dia—tsy maintsy miasa miaraka amin’Andriamanitra ianareo

amin'izay fotoana izay. Izany dia rehefa raisinareo—miseho izany.

⁶⁹ Ankehitriny, mamilaka ny olona ireo fanahy ratsy ireo. Ary ireo fanahy ireo, matetika dia tena mpivavaka. Ankehitriny dia hoy ianareo hoe, "Ny tianao lazaina ve dia hoe, mpivavaka?" Eny, tompoko! Mampianatra ny Soratra mihitsy aza, ny Baiboly. Azo antoka fa mampianatra izy ireo.

⁷⁰ Mariho ankehitriny! Nanatona ny andian'olona izay mpisorona masina Jesosy; ary nitandrina ny lalàna ara-bakiteny izy ireo; ary izy ireo dia tena, tena mpivavaka. Ary Jesosy—niantso azy ireo i Jaona, nanao hoe, "Ianareo taranaky ny menarana (bibilava izany), iza no nampitandrina anareo handositra ny fahatezerana ho avy?" Rehefa hitan'i Jesosy izy ireo, dia hoy Izy hoe, "Ianareo dia avy amin'ny devoly rainareo." Andriamanitra no nilaza an'izany. Mpivavaka mihitsy arak'izay maha-azy azy ireo.

⁷¹ Tsarovy, rehefa—maka ny olony ny devoly, fa tsy ny fanahiny mihitsy. Maka ny Olony Andriamanitra fa tsy Ny Fanahiny mihitsy. Hitanareo? Tonga eo amin'ny fiainanareo ny Fanahy Masina ary manamasina ny fanahinareo, miaima amin'ny alàlanareo, ary manome anareo hery ho velona. Fa rehefa—rehefa lasa ny fanahinareo, dia voatahiry ao amin'Andriamanitra ny fanahinareo; fa ny Fanahy Masina izay teo aminareo dia tonga eo amin'ny olona iray hafa, ary olona iray hafa, ary olona iray . . .

⁷² Io Fanahy izay teo amin'i Elia io dia tonga teo amin'i Elisa, ampanhan-droa an'Izany; fitonjato taona taty aoriana na valonjato taona taty aoriana dia tonga teo amin'i Jaona Mpanao-batisa, nanao azy hihetsika . . . Jereo hoe toy ny ahoana i Elia, jereo hoe toy ny ahoana i Elia: lehilahy antitra goavana voloina, volombava no nanerana azy manontolo; hodit'ondry, nitovy tamin'ny fanday iray, ny tarehiny tahaka an'izany, njadojadona nanerana teo niaraka tamin'ny singana hoditra goavana iray nanodidina, ny sikiny tahaka—sikiny manodidina ny valahany, tahaka an'izao. Raha nanana ianareo . . . Raha tonga tao anttranonareo izy dia ho nilaza ianareo hoe, "Ooo, oadray! Antsoy haingana ny polisy. Lehilahy iray tahaka an'io no mitsangana eo anoloan'ny varavarako." Saingy mpaminanin'ny Tompo io. Azo antoka izany izy! Ary noho izany, rehefa maty izy, dia tonga teo amin'i Elia ny ampanhan-droa an'ny Fanahiny; ary avy eo valonjato taona taty aoriana dia tonga teo amin'i Jaona Mpanao-batisa ka nanao an'i Jaona hihetsika marina tokoa tahaka ny nataon'izy ireo, satria ny fanahin'i Elia Izany.

⁷³ Ankehitriny, raha ny fanahin'i Elia teo amin'i Jaona no nanao an'i Jaona hihetsika tahaka an'i Elia, dia ny Fanahin'Andriamanitra eo aminareo no hanao anareo hihetsika tahaka an'i Jesosy. Ankehitriny, eo no ahitanareo ny Fanahy Masina. Hitanareo? Izany no ataon'ny Fanahy Masina. Manao

anareo ho malemy fanahy Izany, manao anareo hanetry tena, manao anareo hamela.

⁷⁴ Afaka misintonia volombava amin'ny tavanareo ve izy ireo, raha nanana azy ireo ianareo tany, nanongotra azy ireo ary nandrora teo amin'ny tavanareo, nefà nanana fahefana hiantso ny—legionan'Anjely ianareo? Afaka manao an'izany ve ianareo nohon'ny fitiavana an'ireo olona izay nandrora teo amin'ny tavanareo? Afaka manao an'izany ve ianareo? Raha nisy olona nanatona anareo fotsiny ka nanao hoe, “Hey, ianao mpihatsaravelatsihy!” ary namelaka anareo teo amin'ny ilany iray an’ny tava, afaka hivavaka ho an’ny famelàna azy ireo ve ianareo? Ankehitriny, eo no misy ny fahatokiana—fitsapana raha manana ny Fanahy Masina ianareo na tsia. Hitanareo? Rehefa miteny ratsy manohitra olona ny olona iray, indraindray izay mihambo ho manana ny Fanahy Masina, “Ho azoko izy na dia mila ny androko farany mihitsy aza izany.” Hitanareo? Ankehitriny, eo no anamarinanareo mikasika ny Fanahy Masinareo. Hitanareo? “Sambatra ianareo raha asian’ny olona izay teny ratsy rehetra hitenenany lainga anareo nohon’Ny Anarako.” Fa handeha hamaly azy ireo mihitsy aza ve ianareo? Tsia! “Mifalia sy miravoravo, fa tahaka an’izany no nanenjehan’izy ireo an’ireo mpaminany izay talohanareo.” Hitanareo?

⁷⁵ Rehefa miteny ratsy mikasika anareo ny olona, dia milazà zavatra tsara. Raha tsy afaka milaza zavatra tsara mikasika azy ireo ianareo, amin’izay fotoana izay dia aza milaza na inona na inona. Avelao handeha fotsiny ilay izy. Hitanareo? Ary avy eo, rehefa irery ianareo, dia mivavaha ho azy ireo.

⁷⁶ Raha misy zavatra iray eo amin'ny fiainako izay nanampy ahy hahazo hoe ny Fanahy Masina no niditra tao amiko tany tamin’io andro io, dia izany. Mafana loha aho, mirehitra, Irlandais eo amin'ny andaniny roa. Ary saiky tsy afaka nihinan-kanina foana mihitsy aho, torotoro foana ny vavako izay notorotoroin’olona, mitsambikina eo amin’izay tsy tokony hitsambikinako. Manana ny sasany amin'ny nifikò potika aho ankehitriny ary notsentsenana rehefa izaho—niteny teo amin’izay tsy tokony nitenenako aho (hitanareo?) ary nilaza zavatra... Tao anatin’ny olana foana. Dia hoy aho hoe... Nilaza tamiko ny olona iray, ny mpampianatro tany an-tsekoly, hoy izy... hoy aho hoe, “Ramatoa, izaho—izaho—tsy misy azoko atao amin’izany.” Hitanareo, tao anatin’ny olana foana aho. Dia hoy aho hoe, “Tsy misy azoko atao amin’izany.” Neny Temple antitra mahanttra, vao lasa any amin'ny Vonninahitra izy indray andro.

Ary hoy izy hoe, “Eny, jereo Malala.” Nanao ahy teo ambonin’ny lohaliny izy, ary nisintonia ahy teo an-tsandriny izy ka nanomboka nitomany. Fotoana voalohany izay hany nahazoako fitiavana tahaka an’izany avy tamin’ny olona iray, vehivavy antitra iray. Nitomany teo an-tampon-dohako fotsiny

izy. Hoy izy hoe, “Billy, hanao zavatra ho anao aho, Malala; homeko singan-tady kely iray ianao.” Ary hoy izy, “Raha misy zazalahy mitsambikina eo aminao . . .”

⁷⁷ Niantso ahy “bisky-katsaka,” satria avy any Kentucky aho, fantatrareo, ary—ary . . . Izaho dia—niakanjo nahatsiravina marina tokoa aho. Ary naneso ny voloko izy ireo, mihantona saiky lava tahaka azy ankehitriny, ary nidina nanerana ny tarehiko. Ary nanana fotoana iray nahatsiravina fotsiny aho, fantatrareo. Ary—ary nikapoka ahy sy namelaka ahy izy ireo. Isaky ny misy olona tezitra, dia mandeha izy ireo, ary mihazona ahy fotsiny, ka mameleka ahy. Ary teo no nisy ahy. Hitanareo? Ary ny—koa noho izany—ary ady iray. Ary izahay dia nanana—nanana mihitsy aza izahay, nanana ady tamin’ny antsy mihitsy aza aho sy ny zavatra hafa rehetra.

⁷⁸ Ary naka basy Winchester iray ary nanandrana nitifitra an’izany, nipaompy azy mihitsy tamin’ny zazalahy efatra na dimy, nohon’ny nikapohana ahy hany aho ka zara raha afaka nitsangana. Ho namono ny tsirairay avy tamin’izy ireo raha tsy nisy an’Andriamanitra. Naka an’ireo bala teo amin’ny tany, namerina azy ireo tao anatin’ilay basy; nitifitra tsara tahaka ny nataony hatramin’izay mihitsy izy ireo. Hitanareo? Ho mpamono olona dimy aho, angamba, na zazalahy dimy.

⁷⁹ Teo amin’ny roa ambin’ny folo taona teo fotsiny aho, mora tezitra! Ary hoy ny mpampianatra hoe, “Raiso ity tady kely ity, Billy, ary na oviana na oviana ianao no lasa romotra, dia mijanona fotsiny ka mamatora vona sivy amin’ity tady ity.” Hoy izy, “Rehefa manao an’izany ianao, amin’izay fotoana izay dia ento aty amiko ilay tady. Mifanamby aho fa ho tapitra ny fahatezeranao.”

⁸⁰ Hoy aho hoe, “Rtoa. Whalen, azoko antoka fa mihevitra aho fa tena mahafinaritra ianao.” Hoy aho hoe, “Izaho—handramako izany.” Hitanareo? (Na Rtoa. Temple; Rtoa. Whalen no lazaiko. Hoy aho hoe Rtoa . . . Atoa. Whalen no mpampianatra teto taloha.) Noho izany aho—nataoko tao anatin’ny paosiko ilay tady. Ary tsy dimy minitra akory no nivoahako tany antokotany dia efa nisy olona iray namely ahy. Eny, nandeha aho—nanomboka teo amin’izy ireo, fantatrareo. Nanatsotra tànana aho ka norambasako ny tadiko; ary nanomboka namatotra vona anankiray aho; nariako ilay tady, dia lasa aho nandeha. Hitanareo? Tsy afaka nanao an’ilay izy fotsiny aho. Hitanareo?

⁸¹ Dia hoy aho hoe, “Tsy afaka ho Kristiana iray mihitsy aho.” Fa mamele ahy hiteny aminareo, tamin’io hariva io teo amin’ny Ohio Avenue rehefa niditra tao anatiko ny Fanahy Masina, dia izany no nandamina an’ilay fahatezerana. Tapitra izany. Hoy aho hoe, “Tsy afaka hanao an’izany mihitsy aho. Tsy afaka ho Kristiana iray mihitsy aho, satria tsy ho resiko mihitsy izany,” hoy aho hoe, “zavatra izay teraka tato anatiko.” Hoy aho hoe,

“Ry tovolahy, nafana loha ny dadako; ary—ary ny reniko, Indiana tapany, fahatezerana ampy hiadiana amin’ny tsofa mihodina.” Hoy aho hoe, “Izaho ve? Oh, izaho... Ry tovolahy, ny olona iray izay mitsambikina eo amiko dia hahazo an’izany; izay ihany.” Hoy aho hoe, “Raha tsy maintsy miakatra eo amin’ny tohatra iray aho mba hahatakatra azy ireo,” hoy aho, “dia azoko antoka fa hataoko izany.” Hitanareo?

⁸² Fa ankehitriny, afaka mitaritarika ahy eo ianareo sy mampihosinkosina ahy ary... Hitanareo? Nahoana? Tsy izaho! Inona no ezahako hasongadina eto? Nisy zavatra nitranga. Io hery tranainy io, maty io William Branham antitra io, ary nisy Olona hafa niditra. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.] Ary manao ahy halahelo ny fahavaloko Izany. Rehefa manao ratsy ahy ny olona iray, dia tsy mivavaka manohitra azy ireo mihitsy aho, fa mivavaka ho azy ireo. Ary teo no nanomezan’ny Fanahy Masina an’io fitsapana io indray hariva tany New England, talohan’ny nitrangan’izany teto. Rehefa io—rehefa nanome fahefana Izy, dia nanao hoe, “Teneno fotsiny izay tianao ho an’ireo olona ireo.” Ny fomba nataon’izy ireo... Dia njery teo aho, ka hoy aho hoe, “Mamela anareo aho.” Izany marina tokoa no Tiany. Hitanareo? Mamelà ny fahavalonareo. Hitanareo? Ireo no fanahy izay manao anareo ho ratsy. Diniho ireo fanahy ireo.

⁸³ Indro nandalo ny olona iray. Tany anaty fasana tany izy. Nandalo ny olona iray, nihazakazaka izy ka nandresy azy ireo, hoy ny Baiboly. Tsy misy olona—tena nampidi-doza izy hany ka tsy nisy olona afaka nandalo tamin’izany lèlana izany. Saingy indray andro dia nisy Hery iray matanjaka kokoa nandalo. Izy dia azon’ny fankahalana, lolom-po, devoly, legionan’izy ireo nandehandeha, lehilahy goavana. Nandeha teo izy ireo, ary nitondra tafika iray, namatotra azy tamin’ny rojo; fa notapahamy ireo rojo. Ary ny devoly no tao anatiny. Teo izy. Zavatra iray izy. Izy dia ho efa—ho efa tena sampy iray ho an’ny Sekoly Ambonin’i Jeffersonville izy. Azo antoka izany! Teo izy, io goavana rehetra io... Na ny sasany amin’ireo adolantsento ireo, fantatrareo, “Oh, tena lehilahy izy.” Efa nahita lehilahy nilanja roanjato livatra aho izay tsy nanana ounce iray an’ny lehilahy tao anatin’izy ireo. Tsy olona izany, biby izany. Hitanareo?

⁸⁴ Saingy nisy lehilahy bitika kely iray, nilatsa-tsoroka nandeha teo amin’ilay lèlana indray andro, somary vokoka (ny Baiboly dia nilaza fa tsy misy hatsaran-tarehy tokony haniriantsika Azy, telopolo taona nefo natao ho dimampolo), nandeha teo amin’ilay lèlana indray andro. Ary nihazakazaka izy hitsena Azy. Hoy izy, “Halaiko fotsiny io lehilahy kely io ary hahodinkodiko izy.” Fa, oh oadray, rehefa nifanera tamin’io Anankiray io izy, dia lavo teo an-Tongony. Tena azon’ireo devoly ireo izy... Jereo ankehitriny. Tamin’io andro io... Tena azon’ny devoly izy...

⁸⁵ Ankehitriny ity, te-hametraka an’ity aho ao—ho anareo.

Izy dia—tena nanolo-tena ho an'ny devoly tanteraka ity lehilahy ity, hany ka nampiasain'ny devoly ny lelany mba hiresahana. Ankehitriny, afaka ny hanolo-tena tanteraka ho an'Andriamanitra ianareo hany ka afaka mampiasa ny lelanareo Andriamanitra mba hiresahana. Marina izany! Izany no lazaiko. Ny toriteny rehetra izay hany notoriako izay nanana dikany ho an'izany, dia rehefa nanolo-tena aho, nanala an'i William Branham teo amin'ny lalana, ary afaka niditra Kristy ka nanomboka niresaka. Hitanareo? Ary afaka miteny amin'ny fiteny Izy.

⁸⁶ Mariho ankehitriny. Tena azon'io fanahy ratsy io izy, ary io fanahy io no nahazo azy tena akaiky hany... Fantatr'ireo demony ireo fa tonga ny fotoany, satria nihaona tamin'ny fitiavana izy ireo. Hitanareo? Ary hoy izy ireo, "Ho zahantsika toetra izy." Ary ny rehetra... Ankehitriny, mariho izay niseho. Hoy izy hoe, "Nahoana, fantatray hoe iza ianao. Nahoana ianao no ao anatin'io vatana bitika kely io tahaka an'izao, lehilahy kely toa mahia?" Hoy izy, "Nahoana ianao no tonga tahaka an'izao?" Hoy izy, "Fantatray hoe iza ianao. Ianao no ilay iray masin'ny Isirael, ary nahoana ianao no...?" (Diniho ankehitriny! Raha tsy mino ianareo fa misy fampijaliana iray ho avy ho an'ireo devoly, dia henoy ireto miaiky an'izany.) "Nahoana ianao no tonga hampijaly anay alohan'ny ahatongavan'ny fotoana?" Fantatr'izy ireo fa misy fampijaliana iray ho avy. "Nahoana ianao no tonga hampijaly anay alohan'ny ahatongavan'ny fotoana?" Hitanareo?

Ary hoy Jesosy hoe, "Iza no anaranareo?" Fantany; Tiany hiaiky an'izany izy ireo.

Hoy izy, "Legiona izahay, satria misy maro izahay." Hoy izy, "Raha te-handroaka anay hiala amin'ity lehilahy ity ianao..."

⁸⁷ Jereo, lehilahy mahia kely tahaka an'i Jesosy no nitsangana teo (hitinanareo?), ary lehilahy iray izay afaka nikaravasy saiky tafika iray; tsy afaka nihazona azy akory aza ireo rojo. Hitanareo, tsy hery ara-batana izany. Tsy izany no mikaonty. Ny herin'ny Fanahy Masina ao amin'ny fiainanareo no mikaonty. Hitanareo?

⁸⁸ Hoy izy hoe, "Aza mampijaly anay alohan'ny ahatongavan'ny fotoana; fa raha handroaka anay ianao... (Jereo ny faharatsian'izy ireo, ny faharatsiam-panahy.) Raha handroaka anay ianao, dia aza avela handeha hirenireny eto amin'izao tontolo izao fotsiny izahay, satria sarotra ny milaza hoe aiza no hidiranay amin'ny olona hafa. Raha handroaka anay ianao... Te-ho ao anatin'ny olona iray izahay; te-hanao zavatra izahay; te-hanao ratsy bebe kokoa izahay." Izany ny devoly. "Haveriko aminy. Hmm!" Hitanareo? Izany ny devoly. "Haveriko aminy mihitsy." Hitanareo? Tsarovy fotsiny, rahalahinareo io mitsangana eo io, saingy ny devoly no nahazo

azy. Hitanareo? "Ndao isika hanao zavatra ratsy. Afaka hanao an'ireto Gadarena eto ireto hijaly isika nohon'ny amin'ity," mety ho nilaza ilay sefo, ny iray tamin'izy ireo. Hoy izy, "Ndao isika hiditra ao anatin'io andian-kisoa io."

⁸⁹ Hoy Jesosy hoe, "Lasa mandeha. Fa mivoaha aminy!" Oh, oadray! Zalahy bitika kely tahaka an'io no miresaka amin'io legionan-devoly io. "Mivoaha aminy! Lasa mandeha ianareo." Ary niditra tao anatin'ireo kisoa ireo izy ireo, ary nifanintontsintona izy ireo, nanao an'ireo kisoa ireo hifanintontsintona. Ary nidina nankao amin'ny renirano izy ireo, ary maty an-drano tao anatin'ilay renirano, nanempotra ny tenany tao anatin'ilay renirano. Tsy marina ve izany?

⁹⁰ Ankehitriny, rehefa nanao izy ireo... Mazava ho azy fa nivoaka tamin'izy ireo ny devoly, satria namono an'ireo kisoa izany. Nanao azy ireo hifanintontsintona fotsiny izany. Tratry ny fanintona iray toy ny olona rehetra izy ireo. Efa mba nahita olona manana fanintom-pahatezerana iray ve ianareo? Eny, izany fotsiny dia—izany fotsiny ilay izy. Ireo devoly ireo fotsiny izany. Izany no nitranga tamin'izy ireo. Raha mba mahita ny iray amin'ireo nanana fanintom-pahatezerana ianareo, dia manaova hoe, "Ah hah, fantatro izay nitranga tany Gadara ankehitriny." Hitanareo? Marina tokoa izany. Vitsivitsy amboniny no niditra tao, dia nanao azy ho very saina tanteraka; satria ny dokotera dia hiteny aminareo fa ny fahatezerana no dingana voalohany an'ny fahaverezan-tsaina. Izany no lazain'i Mayo, ny dingana voalohany an'ny fahaverezan-tsaina.

⁹¹ Rahalahy Pat, mety ho mafy izany. Izany no tsara indrindra izay fantattro, tsy nampoizina fotsiny. Eny àry.

102. Romana ny toko faha-7, ny andininy faha-25.

⁹² Izaho tsy maintsy... Adinoko, njery an'io aho indray andro rehefa azoko ilay izy, saingy adinoko mihitsy hoe inona ilay izy. Ndao hovalantsika ny fanontanian'ity olona malala ity raha vitantsika. Romana 7:22, eny àry, na :25, mamelà ahy. Romana 7... Namadika pejy roa indray mandeha aho arak'izany. Izany no anton'ilay izy...

Misaotra an'Andriamanitra aho amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy Tompontsika. Noho izany—koa noho izany amin'ny saina—amin'ny—ny saina ny tenako dia mankatò ny lalàn'Andriamanitra; fa ny lalàn'ny ota kosa amin'ny nofo.

Ankehitriny, andraso iray minitra. Tsy novakiako tsara mihitsy izany.

Misaotra an'Andriamanitra aho amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy Tompontsika. Koa noho izany amin'ny saina... (Hia, marina izany)... ny tenako dia mankatò ny lalàn'Andriamanitra; fa ny lalàn'ny ota kosa amin'ny nofo.

⁹³ Eny àry. Izany marina tokoa no nolazain'i Paoly matetika. Raha te-hanao ny tsara aho, dia eo ny ratsy. Hitanareo? Izany marina tokoa no ataonareo koa. *Amin'ny sainareo*, izany hoe ny fonareo. Hitanareo? Tsarovy ankehitriny, fa tsy mieritreritra amin'ny sainareo ianareo; tsy mahita amin'ny masonareo koa ianareo. Ianareo koa tsy... Ianareo—mahita amin'ny fonareo ianareo. Efa fantatrareo ve izany? Efa fantatrareo ve fa ny fonareo dia manana olona iray hafa ao anatin'y ankoatry ny tenanareo? Vao avy nahita an'izany ny siansa teo amin'ny efa-taona lasa izay, fantatrareo. Efitra kely ao anatin'ny fo, hoy izy ireo no ipetrahan'ny aina.

⁹⁴ Efa mba nandre ny amin'ny amparahatoka ve ianareo? Manomboka manao zavatra ianareo, dia mieritreritra ianareo hoe, "Oh, tonga eo an-tampon'ilay izy mihitsy aho," nefá hafa no tenenin'ny amparahatokareo aminareo.

⁹⁵ Afaka maka mpitsikilo lainga iray izy ireo... Mahita ny sakaiza tsarako aho, Robinson Mpisolovava, mipetraka eny aoriana. Ary tsy fantatro na efa mba nahita an'izany natao izy na tsia, fa sendra nanana an'izany aho—manandrana—napetraka teo amiko indray mandeha, mikasika an'ity Anjelin'ny Tompo eto ity. Ary mametraka mpitsikilo lainga iray eo aminareo izy ireo, dia manandrana miditra ianareo—miaiky amin'ny tsara indrindra amin'ny fahalalanareo, ny tsara indrindra izay azonareo anaovana azy, tena tsara sy mandambolambo, hoe tsy nanao zavatra tahaka an'izao-sy-izao ianareo—mpanao heloka bevava. Hitodika avy hatrany io mpitsikilo lainga io ka hilaza fa mandainga ianareo. Hitanareo? Nahoana? Ny hovitrovitr'ireo hozatrareo no raisin'izy ireo eo amin'io mpitsikilo lainga io. Hitanareo? Izany—izany no hiteny aminareo. Satria nahoana? Tsy natao handainga ny olona tamin'ny fiandohany tany amboalohany. Ny fahotana sy ny devoly izay eo aminareo no manao anareo handainga. Hitanareo?

⁹⁶ Ianareo tsy—tsy natao handainga ny nanamboarana anareo. Izany no antony tsy maintsy hahavelona anareo indray, satria ianareo dia namboarina, noforonina mba ho velona mandrakizay, ho velona foana. Fa hitanareo, niditra ny fahotana ka nitondra fahafatesana ho an'ny vatana. Ary noho izany, rehefa miditra ny fahotana ka mitondra fahafatesana ho an'ny vatana, amin'izay fotoana izay mazava ho azy, dia tsy maintsy maty ilay vatana. Fa izany, afaka mitoetra ao anatin'y ao ny Fiainana Mandrakizay, rehefa novaina io fanahy ao anatinareo io ka manana Fiainana Mandrakizay ianareo. Andriamanitra no hanangana an'io vatana io indray amin'ny andro farany. Izy no nilaza fa Hataony izany.

⁹⁷ Noho izany amin'ny saiko—ny saina... Nilaza izy any amin'ny toerana iray hafa hoe, "Heveriko fa manana ny sain'i Kristy aho." Ankehitriny, ao anatin'io saina io ianareo no manompo—amin'ny sain'i Kristy no anompooanareo

an'Andriamanitra. Hitanareo, ilay ampahany anaty (hitanareo?), ilay ampahany anaty, no anompoanareo an'Andriamanitra. Io amparahatoka io, ao no mitoetra ny finoana.

⁹⁸ Te-hanontany anareo aho. Efa imbetsaka ve ianareo olona ato, maro aminareo no efa nahita an'ireo fotoana izay tianareo—fantatrareo mihitsy fa hisy zavatra hitranga. Toy ny hoe tsy azo atao ilay izy, saingy fantatrareo mihitsy fa hitranga izany. Efa mba nanana an'izany ve ianareo? Izany io finoana io, io amparahatoka miasa io.

Ankehitriny, raha lasa mafana kely ato, dia afaka mampidina an'io zavatra eo io ianareo, raha lasa mafana kely loatra ilay izy aminareo.

⁹⁹ Ankehitriny, ao anatin'io amparahatoka io (hitanareo?), ao no misy ny sainareo... Ankehitriny hoy Jesosy hoe, "Raha tsy ateraka indray ny olona..." (Ankehitriny, tsy izany no nilaiko.) "Marina tokoa, marina tokoa, Lazaike aminareo, raha tsy ateraka indray ny olona dia tsy mahazo *mahita* ny Fanjakan' Andriamanitra izy." Ankehitriny, tsy afaka mahita ny Fanjakan' Andriamanitra ianareo, satria ny Fanjakan' Andriamanitra dia ny Fanahy Masina. "Ny sasany mitsangana eto dia tsy hanandrana fahafatesana mandrapahitany ny Fanjakana tonga amin'ny hery," hoy Izy. Noho izany, "Ny Fanjakana' Andriamanitra," hoy ny Baiboly, "dia ao anatinareo." Ao anatinareo izany, ny Fanahy Masina, ary tsy afaka hahita an'izany amin'ny masonareo ianareo. Noho izany ny *mahita* dia midika hoe "mahazo."

¹⁰⁰ Efa mba njery zavatra iray ve ianareo, mijery tsara an'ilay izy, manao hoe, "Eny, tsy hitako fotsiny izany." Hitanareo? "Tsy hitako fotsiny izany." Ny tianareo lazaina dia hoe tsy azonareo izany. Hitanareo, hitanareo? Tsy azonareo izany. *Ny mahita* dia "mahazo." Nefa amin'ny masonareo no ijerenareo zavatra. Saingy amin'izay ao anatinareo, no ahazoanareo, amin'izany no ahitanareo. Hitanareo? Amin'ny mason' Andriamanitra no ijerenareo.

¹⁰¹ Ary ankehitriny, tazony ny foto-kevitraiseo ankehitriny. Ity misy anankiray tsara raha vonona amin'izany ianareo: Ny Kristiana dia mijery zavatra izay tsy hitan'ny masonry (hitanareo?), satria mijery ny tsy hita maso isika. Hitanareo? Ahoana no ijerenareo an'izany? Amin'ny masonareo anaty. Mahita an'izany amin'ny finoana ianareo. Ary ankehitriny, mba hanaporofoina an'izany: ny fiadiana Kristiana manontolo dia vita avy amin'ny toetra tsy hita maso. Inona ny fiadian'ny Kristiana iray? Hoy ny olona iray hoe, "Ny mahita dia ny mino." Tsy ho Kristiana iray mihitsy izany olona izany, satria ny fiadian'ny Kristiana dia vita avy amin'ity: fitiavana. Efa mba nahita an'izany ve ianareo? Hitanareo tamin'ny hetsika izany, fa tsy mbola nahita ny fitiavana mihitsy

ianareo. Raha vitanareo, dia esory ny ampahany amin'ny fitiavanareo ary avelao aho hahita hoe tahaka ny inona izany. Hitanareo? Fitiavana, fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahari-po, fahatsaram-panahy, fahalemem-panahy, finoana—finoana, fahalemem-panahy (hitanareo?); ny fiadiana Kristiana manontolo dia tsy hitan'ny maso ara-boajanhary, fa azo amin'ny alàlan'ny fo izany! Eo ianareo izao. Eo ianareo izao.

¹⁰² Hoy i Paoly arak'izany hoe, “Amin’ny saiko... (Ary manana ny sain’i Kristy aho, hitanareo, hoy izy.) Manompo an’Andriamanitra amin’ny saiko aho, fa amin’ny nofoko kosa (ahoana no nilazany an’izany tamin’ny farany?)—fa amin’ny nofo kosa, dia ny lalàn’ny ota.” Inona izany? Hoy ny nofoko izao hariva izao hoe, “Reraka loatra ianao. Marary loatra ny tendanao. Ianao dia—efa nivoaka tamin’ny rivotra ianao androany. Tsy handeha any am-piangonana ianao rahariva.” Izany no lalàn’ny nofo. “Afaka miantso azy ireo tsara mihitsy ianao ka miteny amin-dRahalahy Neville hoe... Alefaso ireo fanontaniana ary teneno izy hamaly azy ireo.” Fa hitanareo, izaho no nampanantena hanao an’ilay izy. Hitanareo?

¹⁰³ Ankehitriny, ny saiko, tao amin’ilay anatiny dia hoy ny Fanahy Masina hoe, “Hazony ny fampanantenanao.”

Fa hoy ny nofo hoe, “Reraka loatra ianao.” Hitanareo?

¹⁰⁴ Ankehitriny, hoy ny nofo hoe, “Ankehitriny, tsy ilaina, ianao zavatra kely tsara tarehy, ianao no zavatra kely tsara tarehy indrindra ao an-tsekoly. Ankehitriny, aza miraharaha an’io reninao holy roller io na io ray fanaticika io. Hitanao? Ianao no tovovavy tsara endrika indrindra ao an-tsekoly.” “Ianao no zazalahy tsara tarehy indrindra, zazalahy tsara endrika indrindra, tsara vatana indrindra. Ianao no malaza indrindra izay misy ao an-tanàna.” Hitanareo? Izany—izany... Dia ampandeferinareo amin’izany ny mambranareo, ary ho tonga aiza ianareo? Ny tendro kelin’ny tandroka foana. Hitanareo?

¹⁰⁵ Hoy i Paoly hoe, “Ny nofoko dia te—te-hilefitra amin’izany foana.” Manao an’izany koa ny nofonareo. Hitanareo? Fa ny lalàn’ny Fanahin’Andriamanitra ao am-po no maharesy ny nofo sy manao ny vatana hankatò an’izay lazain’ny fo hatao. Haleloia!

¹⁰⁶ Jereo, noho izany raha hanao an’izany ho an’ny mpanota iray izany, amin’izay fotoana izay dia tsy hety ho an’ny aretina koa ve izany? Ny lalàn’ny Fanahin’Andriamanitra ao am-po izay mahafantatra fa “Tamin’ireo Dian-kapony no nahasitranana antsika,” mitsangana miaraka amin’ny heriny izy ireo ary manao an’io aretina ao amin’io vatana io hankatò azy ireo, satria ny devolyl izany. Eo ianareo izao. Fioo! Manana hero-dronono lalina tahaka an’izao izany ao anatiny. Teneniko aminareo. Izay ilay izy. Hitanareo?

¹⁰⁷ Ankehitriny, ny lalàn'ny ota sy ny fahafatesana no miasa ao amin'ny nofonareo, fa ny lalàn'ny Fanahin'Aina kosa no miasa ao am-ponareo. Noho izany ny fonareo, ny fanahinareo ao am-ponareo no hanao ny vatanareo hankatò an'izay lazainy hatao. Marina tokoa izany. Ankehitriny, izany no nolazain'i Paoly. Hoy ny nofo isan'andro hoe, "Reraka loatra aho; tsy mahavita aho; tsy ampy aho; tsy afaka manao an'izany aho."

Hoy aho tamin'i—tamin'i Loyce na—na Delores, na olona iray izay nireshaka tamiko mikasika ny Fanahy Masina, mikasika zavatra iray na hafa tahaka an'izany, hoy aho—nanao hoe, "Inona . . ."

Hoy i Delores hoe, "Inona—inona no nanao ahy hahatsapa tahaka an'izany mihitsy amin'ny fotoana tokony ho nahatsapako ho tsara?"

¹⁰⁸ Hoy aho hoe, "Ny devoly. Hitany fa vonona ny handray an'ilay izy ianao. Hoy izy hoe, 'Hampangatsiahako kely izy: Pfff! Tsotsofiko kely fotsiny izy, fantatrao, somary mangatsiaka kely' Hitanao? Fa oh, oadray, amin'izany no itsangananao! Takio ny zònão nomen'Andriamanitra.' Izany no tian'i Paoly lazaina. Hitanareo? Ny . . . 'Isan'andro rehefa,' hoy izy, 'rehefa te-hanao ny tsara aho, dia eo ny ratsy.'

¹⁰⁹ Teneniko aminareo izay hataonareo. Voamariko izany, izaho sy ny vadiko . . . Ary hiverina haingana mihitsy aho, satria minitra vitsivitsy fotsiny sisa no ananako, nefà manana fanontaniana goavana sasantsasany aho eto. Tsy te-hihazona anareo ho tara loatra aho, fa tiako ny hamaly ny fanontanianareo amin'ny tsara indrindra izay vitako.

¹¹⁰ Mariho! Afaka manomboka aho ny maraina, ary atao hoe izaho dia handeha, ny Tompo dia mitarika ahy handeha any amin'ny toerana anankiray ho an'ny favoriana, eny, rahalahy, diniho fotsiny ny zavatra rehetra miseho. Na avelao aho ho tonga any an-tranoko, ary tonga ny antso avy any lavitra. Ankehitriny, tsy maintsy hivavaka ho an'ny marary aho. Joseph kely hihanika eo an-tampon'ny tendako. Sarah te-hametraka fanontaniana iray amiko. Becky hanomboka eo amin'ny piano. Hoy aho hoe, "Sh, sh, sh!" Apetrako eo ny tànako, "Hey, sh, sh, sh, izaho handeha—handeha hivavaka ho an'ny marary i Dada."

"Eny, Dada, jereo; Joe nanao an'ity . . ." Hitanareo? Avelao hanomboka fotsiny ilay izy. Fa vantany vao vita ny vavaka, dia maka ny kilalaony izy ireo ary mamy sy milalao fotsiny. Ny devoly izany. Izany tokoa ilay izy.

¹¹¹ Ary avy eo dia hanatona aho ka hanao hoe, "Joseph, tsy tokony hanao zavatra *anankiray* ianao." Ary fantatrareo, ny zavatra voalohany fantatrareo, manana fahazarana iray izy. Ary hahita ianareo ao amin'ireo zanakareo, handainga aminareo izy ireo. Eny, fanahy mandainga ao amin'io zazakely io izany. Tokana ihany ny fanafodin'izany. Tsy ilay tahom-basy no

hevitra, fantatrareo, ilay hazom-basy izay nikapohana antsika taloha, Rahalahy Jess. Rehefa izahay no tratry—tratry—tratry ny olana dia nokapohina tamin'ilay tahom-basy izahay izay avy ao amin'ilay basy tranainy, ny tsorakazo hickory, fantatrareo, ireo famahanam-basy tranainy. Tsy izany ilay hevitra. Fa ny vavaka, roahy hiala amin'ilay zaza io devoly ratsy io. Marina izany. Ny vavaka no manao an'izany.

¹¹² Raha manomboka manajadona ny tongony kely i Martha kely, ary mihazakazaka mivoaka, ary mampiakatra ny orony kely, afaka mikapoka azy ianareo mandra-pahatonga azy tsy hanana akanjo intsony eo aminy; hataony ilay izy na ahoana na ahoana. Fa mipetraha eo anatrehan'Andriamanitra fotsiny ka takio ho an'Andriamanitra ny fanahin'io zaza io. Mijanòna tsara eo mihitsy miaraka amin'izany. Mino aho fa izany no zavatra tsara indrindra izay fantatro. Eny, tompoko! Izany no fanafody tsara indrindra izay fantatro, dia ny vavaka.

103. Ankehitriny, ndao jerentsika. Ankehitriny ny anankiray manaraka eto dia manao hoe, **Inona no atao hoe fifidianana mialoha talohan'ny nanombohan'izao tontolo izao; aiza no misy an'izany ao amin'ny Baiboly?** Fifidianana mialoha talohan'ny nanombohan'izao tontolo izao.

¹¹³ Eny àry, ry sakaizako sarobidy, ndao isika hamadika ao amin'ny Efesiana ny toko faha-1 ho an'ny toerana iray fotsiny. Tsy haka ela loatra isika amin'ity anankiray ity tsy mihevitra aho, raha tsy hoe tsy tsara ilay valiny. Ary ndao fotsiny isika hanomboka hamaky eto amin'ny Efesiana toko faha-1.

¹¹⁴ Ankehitriny, ny zavatra voalohany, tiako ny hilaza an'ity, hoe ny *fifidianana mialoha* dia teny tsy tsara iray ho an'ny mpitoriteny iray ho—ho ampiasaina eo anatrehan'ny fiangonana iray tsy voafana. Hitanareo? Izany ilay izy. Tsy mampiassa azy aho. Indraindray eto am-piangonana... Fa ao amin'ny mpanatrika, ao amin'ilay goavana... Izay misy ny—ny zavatra rehetra mivangongo avy amin'ny zavatra rehetra, dia mitandrina an'io teny io aho. Izaho dia mampiassa foana ny teny hoe *fahalalana mialoha*, satria ny fifidianana mialoha dia fahalalana mialoha an'Andriamanitra fotsiny. Andriamanitra satria tsy manam-petra, dia tamin'ny alàlan'ny fahalalana mialoha no Nahafantarany ny zavatra rehetra, raha tsy izany dia tsy ho tsy manam-petra Izy. Hitanareo, hitanareo? Fantany izay hitranga. Noho izany tamin'ny alàlan'ny fahalalana mialoha no Nahafahany nifidy mialoha. Izany no antony inoako fa Andriamanitra—fa Andriamanitra tsy manao fotsiny...

¹¹⁵ Tahaka ny rivotra izay sintoninareo fotsiny; tsy mifanaraka amin'ny Vavolombelon'i Jehovah aho eo amin'ilay hevitra hoe ny fofon'ainareo no fanahinareo. Tsy mety izany. Hitanareo? Ny fanahinareo dia ao anatin'ny fonareo. Hitanareo? Ary mandray ny fanahinareo ianareo alohanareo—hany ahatongavanareo eto

amin'izao tontolo izao. Niteny tamin'i Jeremia Andriamanitra fa Izy dia efa nahafantatra azy, sy nanamasina azy, ary nanao azy ho mpaminany iray an'ny firenena—an'ireo firenena talohan'ny hany notorontoronina azy tao an-kibon'ny reniny (hitanareo?), Jeremia 1:4.

¹¹⁶ Mariho ankehitriny. Noho izany dia hitantsika fa ireo zavatra rehetra ireo dia fahalalana mialoha. Roa ambin'ny folo sy fitonjato taona talohan'ny nahaterahan'i Jesosy—talohan'ny nahaterahan'i Jaona, dia nahita azy tao amin'ny fahitana i Isaia, nilaza fa izy no feon'ny iray izay miantso mafy any an-efitra—roa ambin'ny folo sy fitonjato taona. Hatrany amin'ny sahan'i Edena, Jesosy Kristy, talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao...

¹¹⁷ Ahoana no...? Ndao vakantsika izany. Efesiana 1, ndao fotsiny isika hanomboka amin'ny toko faha-1 mba—na ny andininy faha-1.

Paoly, apostoly... (Jereo ankehitriny hoe ahoana no anaovany an'ity. Tiako ny fomban'i Paoly. Tiako i Paoly, ary ianareo? Oh mpanompon'i Kristy mahafinaritra izy. Diniho ity ankehitriny.)

Paoly, apostolin'i Jesosy Kristy nohon'ny strapon'Andriamanitra, ho an'ny olona masina any Efesosy, ary... ilay mahatoky ao amin'i Kristy Jesosy.

¹¹⁸ Mariho, tsy alefa any amin'izao tontolo izao ity; tsy alefa any amin'ilay any ivelany ity. Ity dia ho an'ilay Fiagonana izay ao amin'i Jesosy Kristy (oh, tsy maha-te-ho tia ve izany?), ilay Fiagonana ao amin'i Jesosy Kristy. Izany dia... Ahoana no idiranareo ao amin'i Jesosy Kristy ankehitriny? Tamin'ny Fanahy iray no nanaovana batisa antsika rehetra ho ao amin'ny Vatana iray. Ankehitriny—ahoana... Ary—ary mandefa an'ity amin'ireo olona feno ny Fanahy Masina izy (hitanareo?), fa tsy any amin'ilay tontolo ivelany.

Ny fahasoavana anie ho aminareo, sy ny fiadanana, avy amin'Andriamanitra Raintsika, sy avy amin'i Jesosy Kristy Tompo.

Isaorana anie ilay Andriamanitra Raintsika—ilay Andriamanitra sy—ny Raintsika an'i Jesosy Kristy Tompontsika, izay efa nitahy antsika tao amin'ireo toeran-danitra rehetra—sy ireo fitahiana ara-panahy ao amin'ireo toeran-danitra ao amin'i Kristy!

¹¹⁹ Oh, oadray! Tsy ho tianareo ve ny hipetraka ao amin'ny sasany amin'izany? Eny, izany isika. Azo antoka! Fanahy Masina iray ihany. Hoy izy ankehitriny, satria ianareo miaramipetraka ao amin'ireo toeran-Danitra *ao amin'i Kristy Jesosy*, dia efa nitahy antsika tamin'ireo fitahiana ara-panahy *rehetra Andriamanitra, Ranabavy Rose*. Mino aho—fa—izany dia... Izaho—tsy afaka nieritreritra ny anaranao aho indray andro.

Mino aho fa tao anatin’ny laharam-bavaka iray ianao na zavatra. Ary izaho—tsaroako nanandrana nieritreritra an’ilay izy taty aoriana, ary izaho—fa ny anaranao dia Rose Austin, tsy marina ve izany? Izaho mah-... Tonga teto amin’ny tabernakla foana ianareo taloha. Izay ilay izy. Eny àry. Ankehitriny:

Isaorana anie ilay-ilay Andriamanitry ny Raintsika... Jesosy Kristy, izay efa nitahy antsika tamin’ireo fitahiana ara-panahy rehetra... rehetra ara-panah-... ao amin’ireo toeran-danitra... (Ndao jerentsika raha mamaky an’izany aho—manonona an’izany tsara.)

Isaorana anie ilay Andriamanitra sy Rain’i Jesosy Kristy Tompontsika, izay efa nitahy antsika tamin’ireo fitahiana ara-panahy rehetra ao amin’ireo toeran-danitra ao amin’i Kristy Jesosy: (Miangona miaraka ankehitriny ao amin’ireo toeran-danitra ao amin’i Kristy Jesosy)

Araka ny... (Henoy ankehitriny! Vonona ve ianareo rehetra?)... Araka ny efa nifidianany antsika tao aminy talohan’ny... (Nitoriako taminareo)... talohan’ny fanorenana an’izao tontolo izao,...

¹²⁰ Ankehitriny, hitanareo, afaka miresaka amin’ilay Fiangonana izy. Tsy hilaza an’izany amin’ireo zazakely izy, fa miresaka amin’ny Fiangonana iray izay efa ao amin’i Kristy. Ankehitriny, tsy afaka nandeha teto nankany amin’ny fiangonana iray fotsiny izy ka nanao hoe, “Eny ankehitriny, ity.” Ilay izy dia Ireo voafidy izay ao amin’i Kristy.

¹²¹ Ankehitriny, hoy ianareo hoe, “Eny, mino aho fa ao amin’i Kristy aho.” Raha izany ianareo, dia nandray ny Fanahy Masina ianareo, satria izany no fomba tokana izay ahafahanareo miditra ao amin’i Kristy. Korintiana Voalohany 12:13 (hitanareo?)—Korintiana Voalohany ny toko faha-12. Eny àry. “Fa tamin’ny Fanahy iray ihany no nanaovana batisa antsika rehetra ho amin’ny Vatana iray (dia ny Vatan’i Kristy).” Ankehitriny! Noho izany dia miara-mipetraka ao amin’ireo toeran-danitra isika iray saina (Hmm!), Fanahy Masina mihetsika eo anivontsika, mampianatra antsika, maneho amintsika an’ireo zavatra lehibe, manao an’ireo zavatra hiseho. Oh, toerana iray toy ny inona!

¹²² Hoy izy hoe, “Ankehitriny, ianareo izay efa nantsoina tahaka an’izany, te-hiresaka aminareo aho, ianareo, ireonofidiana. Fa Andriamanitra no nifidy antsika tao Aminy talohan’ny fanorenana an’izao tontolo izao.” Eritrereto izany. Andriamanitra no nifidy antsika tao Aminy talohan’ny fanorenana an’izao tontolo izao. Fantatr’Andriamanitra talohan’ny fanorenana an’izao tontolo izao fa hiresaka an’ity lohahevitra iray ihany ity aho izao hariva izao. Tsy manam-petra Izy. Ary talohan’ny nisian’ny tontolo iray... Oh! Fioo!

Eto, raiso ny Fanahy Masina ankehitriny. Ny Teny no hitondra an'Izany. Hitanareo? Tahaka an'izany no Nahatongavany: "Raha mbola niteny an'ireo teny ireo i Petera dia nilatsaka tamin'izy ireo ny Fanahy Masina." Hitanareo, hitanareo?

¹²³ Talohan'ny nisian'ny tontolo iray dia efa tao antsain'Andriamanitra ianareo mba homena ny Fanahy Masina, satria Fantany fa hila an'Izany ianareo; ary Izzy Tenany no nifyid anareo satria naniry ianareo... Nifyid anareo tao amin'i Kristy Izzy talohanareo na Jesosy, ny iray taminareo, nisy teto antany. Ary naniraka an'i Jesosy Izzy mba ho faty, hanomana ny fomba handefasana ny Fanahy Masina, hitondrana anareo ho an'ny Tenany. Hmm! Oh, izany fotsiny... Fantatro fa izaho dia mety... Ity no fiangonana, noho izany dia ato an-trano aho ankehitriny, hitanareo. Oh, tena manan-karena izany amiko. Ny mieritreritra fa ilay izy dia tsy izay nilaiko; ilay izy dia tsy ny faniriako; ilay izy dia tsy ny sitrapoko; ilay izy dia tsy ny safidiko; tsy nisy zavatra iray nidiarako tamin'izany. Fa talohan'ny hany nanombohan'izao tontolo izao, dia efa nahita antsika Andriamanitra ka nametraka ny anarantsika teo amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry. Talohan'ny nisian'ny tontolo iray mihitsy aza! Miresaka mikasika an'Andriamanitra! Fioo!

¹²⁴ Nitsangana tany aho izay nisy an'io fitaratra goavana io... Afaka mahita hazavana-habakabaka roapolo amby zato tapitrisa taona ianareo. Rehefa njery aho ka nahita an'izany (tsy afaka nahita tamin'ny alàlan'ilay fitaratra aho, fa hitako ilay sary izay nangalan'izy ireo azy)—ary tsy maintsy nanangana ny tànako fotsiny aho tao, tao amin'io toerana io, ary hoy aho hoe, "Fa lehibe Ianao, fa lehibe Ianao!" Ary talohan'ny hany nihodinan'ny iray tamin'ireo planeta ireo (Haleloia!), dia efa nifyid antsika tao amin'i Jesosy Kristy Andriamanitra. Ankehitriny, fa lehibe Ianao. Eny, tompoko!

¹²⁵ Talohan'ny nisian'ny tontolo iray, talohan'ny nisian'ny planeta iray, talohan'ny nisian'ny masoandro iray, talohan'ny nisian'ny volana iray, talohan'ny nisian'ny hazavana, talohan'ny nisian'ny zavatra rehetra, fony mbola Andriamanitra izany, Andriamanitra sy ny Fisainany, ny fisainana mandrakizay an'Andriamanitra dia efa nifyid anareo tamin'ny alàlan'ny fífidiana mialoha, tamin'ny alàlan'ny fahalalana mialoha, mahafantatra fa ho eto an-tany ianareo, mahafanttra fa hisy ny fahotana.

¹²⁶ Hoy ny olona iray hoe, "Avy eo, nahoana no—nahoana no nisy ny fahotana?" Raha tsy nisy mihitsy ny fahotana, dia tsy ho Mpamony iray mihitsy ireo Toetrary. Tsy maintsy nisy mpanota iray mba Ahafahany ho Mpamony iray. Tsy maintsy nisy olona marary iray mba Ahafahany ho Mpanasitrana iray. Amena! Eo ianareo izao. Tsy maintsy tahaka an'izany ilay izy. Izany no Andriamanitra izay—izay nahita an'izany sy nanendry

an'izany mialoha. Tsy ao anatin'ilay hazakazaka akory aza ny devoly. Oh, vodihazo iray eo amoron-dàlana fotsiny izy izay nampiasain'Andriamanitra hitondrana an'ireo zanaka ho eo Aminy, hiantsoantso hoe, "Aba, Ray." Tsy mahagaga raha hihira ireo Anjely amin'izany andro izany! Rehefa mihira an'ireo tantaran'ny fanavotana isika, dia hanondrika ny lohany ireo Anjely; tsy mahafantatra an'izay resahantsika. Azo antoka! Tsy very mihitsy izy ireo. Tsy fantatr'izy ireo hoe inona izany. Tsy fantatr'izy ireo hoe tsara toy ny ahoana no tsapantsika, mahafantatra fa isika izay mpanota taloha sy lavitra an'Andriamanitra, tsy nanana fanantenana, tsy nanana famindrampo, tsy nanana an'Andriamanitra tao amin'ny tontolon'ny fahalòvana, teo am-pahafatesana, mandeha mankany amin'ny helon'ny devoly; dia niondrika Andriamanitra, ary naka antsika, ka nanavotra antsika; ary ankehitriny dia any ambonin'ireo Anjely isika. Izao ankehitriny izao!

¹²⁷ Iza izany? Ny Anjely dia mpanompo. Isika dia zanakalahy sy zanakavavy. Iza no heverina indrindra, ny mpanomponareo sa ny zanakalahinareo na ny zanakavavinareo? Oh, oadray! Ny vavaka avy amin'ny olo-masina iray dia hiakatra avo iray tapitrisa heny noho ny Anjely iray (eny, tompoko!), satria zanaka iray izy. Oh, fioo, marina izany, ry rahalahiko, ranabaviko.

¹²⁸ Ianareo tsy... Ny fiangonana... Tsy mino aho fa amin'io lafin'ny—ny mandrakizay io dia ho fantatsika mihitsy hoe iza ianareo, ny toerana izay misy anareo, izay nametrahan'Andriamanitra anareo, ianareo olona feno ny Fanahy. Zanak'Andriamanitra ianareo. Nahoana, ny Anjely dia mpanompo iray. Ianareo dia zanaka iray! Ny Anjely iray dia afaka mitondra hafatra iray ho anareo fotsiny, fa ianareo no tsy maintsy mihetsika. Amena! Ianareo no mpilalao eo amin'ny sehatra. Ianareo no zanaka. Ilay Anjely dia mpanomponareo, mba hitondra an'ilay hafatra ho anareo, manao hoe, "Indro, nitondra an'ity hafatra ity ho anao Aho mba hanaovanao an'izao-sy-izao. Avy amin'i Ray ity. Entiko aminao izany." Eny. Izay ihany izy. Amena! Ianareo dia zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra. Nifidy antsika mialoha! Ankehitriny, diniho iray minitra fotsiny.

Araka ny efa—izy dia efa nify antsika... (Ankehitriny, tsy isika no nify... Ahoana no nahafahako nify Azy? Efajato miliara, tapitrisa, miliara, lavitrisa taona lasa izay, ahoana no nahafahako nify Azy? Fa Izy no nify ahy. Amena! Oh, Rahalahy Wood, izay ilay izy. Hitanao?) ...nify antsika tao aminy talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao, mba ho masina isika... (Ankehitriny, aza miezaka manao an'izany samirery, satria tsy afaka ianareo.) ...ary tsy misy tsiny eo anatrehany amin'ny fitiavana:

Oh, rahalahy, hamaly fanontaniana iray izany izay hitako tato minitra vitsy lasa fotsiny izay. Any ho any izaho—hitako fotsiny izany . . . Oh, eny.

Hoy ianao . . . Ahoana no ahafahan’ny olona iray hiaina any ambony . . . hiaina akaiky an’Andriamanitra, ka tsy hanana fahotana izy?

Henoy ity:

. . . masina . . . hatramin’ny fanorenana an’izao tontolo izao, mba ho masina isika ary tsy misy tsiny eo anatrehany amin’ny fitiavana:

¹²⁹ Ny Fitiavany no nanao an’izany. Ny Fitiavany no nandoa ny fahotako. Ny Fitiavany no nanaisotra an’izany. Ny fitiavana no hery matanjaka indrindra izay misy. Alaivo ny lehilahy izay tia marina tokoa ny vadiny, ho faty maimaim-poana ho azy izy. Ary ny fitiavan’ny mpirahalahy . . .

¹³⁰ Nisy lehilahy iray, lehilahy anankiray, tonga ato amin’ity fiangonana ity matetitetika, avy any ambanivohitra. Nipetraka tao an-trano’ny rahalahiny izy indray andro. Hoy izy hoe “Ahoana moa raha hisy zavatra hitranga amin-dRahalahy Bill?” Hoy izy hoe, “Ho faly aho ny hanolotra ny tratrako hahazo bala iray ho azy.” Hitanareo? Maty ho anareo. Izany no fitiavana. Tsy misy manana fitiavana lehibe noho ireo izay manolotra ny ainy ho an’ny—ny rahalahiny. Hitanareo?

¹³¹ Fitiavana, nifidy antsika tamin’ny fitiavana talohan’ny fanorenana an’izao tontolo izao. Diniho ankehitriny:

Efa nifidy antsika mialoha . . . (Ankehitriny, io ilay teny hoe voafidy mialoha.) . . . Efa nifidy antsika mialoha tamin’ny fananganan’anaka amin’ny alàlan’i Jesosy Kristy ho an’ny tenany, araka ny—araka ny sitrapony tsara.

¹³² Ahoana ny amin’izany, Rahalahy Mike? Tsy mahafinaritra ve izany? Efa tia anareo Izy. Efa tia anareo Izy talohan’ny nisian’ny tontolo iray. Fantany ny natioranareo; Fantany ny fahalemenareo; Fantany ny fahazaranareo. Fantany ny momba anareo rehetra, izay haha-izy anareo. Ary noho izany, rehefa njery ny tontolo lehibe rehetra Izy, arak’izay naha-izy azy, dia hoy Izy hoe, “Ianao no Nofidiko.” Ary rehefa nanao an’izany Izy, talohan’ny hany nisian’ny pentina iray an’ny—ny hazavana, tamin’izay fotoana izay dia mandrakizay miaraka amin’Andriamanitra ianareo. Rehefa mandray ny Fanahy Masina ianareo, dia lasa mandrakizay, satria ianareo manana—miaraka amin’Andriamanitra ianareo, ampanhan’Andriamanitra ianareo. Afaka mahita an’izay tiako lazaina ve ianareo? Mandrakizay tahaka an’Andriamanitra ianareo, satria ianareo dia . . .

¹³³ Branham aho tahaka ny raiko Branham iray mihtisy, satria ràn’ny Branham iray aho. Branham iray miaraka amin’ny

raiko aho, satria nateraky ny raiko. Branham iray miaraka aminy aho. Wood iray ianao, satria Wood ny rainao. Wood tahaka an'i Jim Wood mihitsy ianao; Banks Wood fotsiny ianao. Amena! Oh, oadray! Neville iray ianao satria Neville iray ny rainao. Neville tahaka azy Neville fotsiny mihitsy ianao. Voninahitra! Mandrakizay tahaka an'Andriamanitra mihitsy isika, satria ampanhan'Andriamanitra isika, zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra, manana Fiainana Mandrakizay, ary tsy afaka ho levona mihitsy. "Izaho hanangana azy amin'ny andro farany."

¹³⁴ Tsy mahagaga rehefa nikasa hanapaka ny lohan'i Paoly izy ireo tany... Tsy maintsy nandeha teo amin'io lâlam-pahafatesana io izy. Nanoratra an'io taratasy farany ho an'i Timoty io izy, nano hoe, "Efa niady ny ady tsara aho; nahavita ny fihazakazahako aho; nitahiry ny finoana aho! Manomboka izao dia tehirizina ho ahy ny satroboninahitra izay homen'ny Mpitsara Marina ahy amin'izany andro izany, tsy ho ahy ihany, fa izay rehetra tia ny Fisehoany."

Tamin'izay fotoana izay dia hoy ny fahafatesana, "Manenjika anao aho."

Hoy izy hoe, "Aiza ny fanindronanao?"

Hoy ny fasana hoe, "Ho azoko ianao."

¹³⁵ Hoy izy, "Aiza ny fandresenao?" Fa nanana ohatra iray izy. Nitodika tany Kalvary izy ka nano hoe, "Fa isaorana anie Andriamanitra izay manome antsika ny fandresena amin'ny alàlan'i Jesosy Kristy Tompontsika." Eo ianareo izao. Hmm! Tsy maintsy manetsika fientanam-po izany; tsy maintsy mihitsy izany.

¹³⁶ Ny aina dia... Mivoaka ny Teny. Ny aina, mahazo Aina ny ain'ny teny, ary ao anatin'ny olombelona dia misy zavatra tsy maintsy miantsoantso.

Fantatrareo, hoy ny olona iray hoe, "Billy, inona no manao ny olona hitsangana sy hanangana ny tânany na hanao hoe, 'Deraina ny Tompo!' na 'Amena!?' Diniho izay lazain'ny Baiboly.

¹³⁷ Hoy i Paoly hoe, "Raha miteny amin'ny fiteny tsy fantatra isika, ahoana ilay tsy nampianarina... Rehefa voatahy izy—raha voatahy izy, ahoana no ahafahany hanao hoe, 'Amena?'" Hitanareo? Tsy maintsy mahafantatra an'izay resahanareo ianareo. Ireo fiteny tsy fantatra, raha tsy amin'ny alàlan'ny fandikana na fanambarana izany... Noho izany izy dia afaka manao hoe, "Amena!" raha afaka mahazo an'izany izy. Fantany izay lazainy. Hitanareo?

¹³⁸ Ankehitriny! Oh, oadray! Jereo tany tamin'io andro io rehefa nanatona an'i Davida ny fahavaloo. Ary nomeny anjara divay izy rehetra sy—sy ny—ampahan-kena tsara iray ary mofo. Ary—

ary rehefa tonga ilay fahavalو, dia tsy fantatr'izy ireo izay hatao; ary niangona teo izy ireo; ary ny Isiraely rehetra dia niangona niaraka teo ambanin'ny famoràna. (Ankehitriny, ity dia eo ambanin'ny famoràna Jiosy fahiny.) Dia nanandratra ny tànany izy ireo ka nanao hoe, "Andriamanitra, Ianao no Andriamanitray. Niaro anay Ianao. Nitondra an'i Mosesy mpaminany Ianao, ary nitondra ny zanak'Isiraely nivoaka avy tany Egypta Ianao. Nitondra azy ireo nanerana ny tany efitra Ianao. Rehefa nipetraka tany izy ireo, dia tsy nisy natahotra ny—natahotra ny hikasika azy ireo ny olona rehetra, ka tsy nisy tonga nanakaiky ny Lovanao. Natahotra izy ireo." Kanefa tao amin'ny havitsiana izy ireo, saingy nanala ny tànany tamin'izy ireo ny olona rehetra. Satria ny zavatra rehetra izay nikasika azy ireo, dia voatosika niverina izy ireo. Hoy izy hoe, "Oh, Andriamanitra iray lehibe toy ny inona Ianao. Ary ankehitriny, Tompo, raha nanota izahay... Indro ireo vadinay; indro ireo zanakay kely; ary ao anatin'ny fahoriania izahay amin'izao ora izao." Hoy izy, "Oh, inona no azonay atao? Tonga ny fahavalو." Hoy izy hoe, "Inona no azonay atao?"

¹³⁹ Ary raha mbola nivavaka izy ireo dia nilatsaka teo amin'ny anankiray tao amin'ny mpanatrika ny Fanahy, ka naminany izy, "HOY NY TOMPO HOE, tsy hiady ianareo; mipetraha tsara! (Amena!) Mandehana amin'ny lâlana *anankiray* ary mihaonà amin'izy ireo any." Dia nanisy fifanjevoana teo anivon'izy ireo Izy, ka nifamono izy ireo. Hmm! Eo ianareo izao. Voafidy mialoha mba ho voafidy ao amin'i Kristy Jesosy talohan'ny fanorenana an'izao tontolo izao. Ankehitriny.

104. Nilaza ianao fa afaka miaina akaiky an'Andriamanitra ny olona iray ka tsy afaka manota raha mbola eto an-tany. Noho izany dia azavao ny Jaona Voalohany 1:8 hatramin'ny 10.

¹⁴⁰ Ndao jerentsika ny Jaona Voalohany 1:8 hatramin'ny 10. Raha nanana fotoana amboniny kely aho hijerena an'ireto... Nanana an'izany aho, saingy tsy nalaiko fotsiny izany, ry sakaiza. Izaho—niezaka aho ny—ny hivoaka... Eny, hahita an'i Jaona aho afaka kelikely. Izany dia ho—izany dia ho eo amin'ny ilany hafa an'ny Hebreo, mazava ho azy. Eny àry. Jaona Voalohany 1:8 hatramin'ny 10—Jaona Voalohany 1:8 hatramin'ny 10.

Raha hoy isika...tsy manana ota isika, mamita-tena isika, ary ny marina tsy ato anatintsika.

Raha miaiky ny fahotantsika isika, dia mahatoky sy marina izy ka mamela...ny fahotantsika, ary... manadio antsika ho afaka amin'ny tsy fahamarinana rehetra.

Raha milaza isika hoe tsy nanota isika, dia manao azy ho mpandainga iray isika, ary ny teny tsy ato

anatintsika.

¹⁴¹ Eny ankehitriny, andraso ry rahalahy malalako. Mamadiha avy hatrany mihitsy ao amin'ny toko faha-3 eto ary ny andininy faha-9. Ao amin'ilay pejy iray ihany mihitsy ao amin'ny Baiboliko ianareo. Andininy fahavalo eo am-panombohana:

Izay manota dia avy amin'ny devoly; satria ny devoly nanota hatramin'ny voalohany. Fa ny tanjon'ny Zanak'Andriamanitra dia tonga voaseho, dia ny handravàny ny asan'ny devoly. (Izany mihitsy no noresahako, hitanareo, Andriamanitra mifidy mialoha, mahafantatra anareo.)

Izay rehetra naterak'Andriamanitra dia tsy manota; satria ny voany mitoetra ao anatin'y: ary tsy mahay manota izy, satria izy dia—izy dia—satria izy dia naterak'Andriamanitra.

¹⁴² Izany mihitsy no lazain'ny Teny. Ankehitriny, raha handinika ianareo eto.

Raha hoy isika . . . tsy nanota isika, dia manao azy ho mpandainga iray isika, ary ny teny tsy ato anatintsika.

Ankehitriny, hoy ny olona sasany hoe, “Eny ankehitriny, indro ny zazavavy kely tsara iray fotsiny na zazalahy kely tsara. Tsy nanota mihitsy izy ireo eo am-panombohana.” Teraka tao amin’ny fahotana ianareo, notorotoronina tao amin’ny heloka, tonga teto amin’izao tontolo izao miteny lainga. Rehefa teraka teto amin’ity izao tontolo izao ity ianareo, dia mpandainga iray, mpangalatra iray ianareo, ny zavatra rehetra izay misy ianareo, ny fahotana rehetra fotsiny, tsy mpangalatra iray, satria hoe tsy nangalatra ianareo. Fa ianareo dia—fa ianareo dia manana . . . Tsy mpandainga iray ianareo, satria hoe tsy nandainga ianareo. Fa izany fanahy izany no ao anatinareo rehefa teraka ianareo, satria avy amin’izao tontolo izao ianareo. Izany no antony tsy ahafahanareo manana fanavaozana, mba hanavao; tsy maintsy maty ianareo ary hateraka. Ary tsy afaka hanana fahaterahana ianareo raha tsy manana fanohomboana. Tsy afaka hanana fitsanganana ianareo; tsy maintsy voahombo ny amin’ireo zavatr’izao tontolo izao ianareo mba hatsangana ao amin’i Kristy.

¹⁴³ Raha hiantehitra ianareo eo amin’ny—ny fiheveranareo aratsaina sy ny sisa, dia tsy hateraky ny Fanahin’Andriamanitra mihitsy ianareo. Tsy maintsy manadino ianareo, tahaka ny nataon’i Paoly, an’izay rehetra hany fantany, ary tsy mahafantatra na inona na inona eo anivonareo afa-tsy Kristy Jesosy, ary nateraka indray, vaovao. Oh, raha . . . Eto . . . Raha afaka manao anareo hahazo an’izany aho. Hitanareo? Fahaterahana iray no manao taranaka iray vao- . . . famoronana iray vaovao. Ny tena teny Grika eto, raha nijery azy tao amin’ny diksionera Grika aho indray andro, ny teny hoe *fahaterahana*

dia midika hoe “famoronana.” Rehefa izao no voalaza hoe, “Ianareo dia o—olom-baovao ao amin’i Kristy Jesosy,” misy teny iray eo, *zava-boahary* dia ny teny hoe *famoronana*. *Famoronana* vaovao ianareo, tsy eo amin’izao tontolo izao, fa ao amin’i Kristy Jesosy. Lasa vaovao indray ianareo.

¹⁴⁴ Ankehitriny, teto amin’izao tontolo izao ianareo ary nilaza, oh, fantatrareo, ireo zavatra raitra, ireo akanjo tsara na zavatra tsara tarehy iray. Ary, “Bah!” Eo amin’ny ilany ny fivavahana. Hitanareo? “Oh, mandeha any am-piagonana aho, azo antoka. Tsy te-handeha any amin’ny helo aho, saingy fantatratrō . . .” Ary maso tsara tarehy volontany ho an’ilay tovovavy, na ilay volo kely olioly ho an’ilay zazalahy, na izy dia tena, fantatrareo, zavatra iray hafa, zavatra iray hitarihana fifantohana fotsiny, na feno fitsiriritana, na misotro, na zavatra na hafa eo. Izany izao tontolo izao; ianareo dia—eto amin’izao tontolo izao ianareo. Ary hoy ny Baiboly hoe, “Raha tia an’izao tontolo izao sy ireo zavatr’izao tontolo izao ianareo, dia tsy ao anatinareo akory aza ny fitiavana an’Andriamanitra.” Noho izany mba amoahana an’izany avy ao aminareo, dia tsy maintsy maty ianareo, tsy maintsy maty, hohomboana, sy alevina, ary atsangana ho olom-baovao ao amin’i Kristy Jesosy.

¹⁴⁵ Ankehitriny, alohan’ny handraisanareo ny Fanahy Masina, dia mino *ny* Fiainana Mandrakizay ianareo. Fa tsy manana Fiainana Mandrakizay ianareo raha tsy mandray ny Fanahy Masina, satria Izany no Fiainana Mandrakizay. Ny Fanahy Masina dia Andriamanitra; Izany no Fiainan’Andriamanitra ao anatinareo. Amin’izay fotoana izay ianareo vao manana Fiainana Mandrakizay. Azonareo ve izany ankehitriny? Hitanareo? Jereo! Hitanareo? Ianareo dia mino *ny*.

¹⁴⁶ Andraso, ity misy zavatra tsara iray. Mamelà ahy ianareo vehivavy raha toa mahitsy loatra ilay izy (hitinanareo?) . . . manao fanamarihana iray. Reny iray: ao ny aina, nefy mbola, tsy teraka io zazakely io. Fa raha mikarakara tsara an’io zazakely io ianareo ka manaraka an’ireo fitsipiky ny natiora, dia ho teraka aradalana io zazakely io. Fa raha tsy mampihatra ny zavatra rehetra arak’ireo fitsipiky ny natiora ianareo, dia mamela ratra mafy iray ianareo, na fandònana iray, na—na misy zavatra miseho, izany—izany—handrava an’ilay izy izany (hitinanareo?); hamono an’ilay zazakely izany alohan’ny ahaterahany.

¹⁴⁷ Eny, izany ilay olana. Avy amin’i Satana ireo ratra. Maka ny zana-tsipika misy poizin’ny helo i Satana ary miezaka mandratra an’ilay Fiagonana izay mihetsi-jaza. Ary alohan’ny hany ahaterahany, dia vonoin’izy ireo izy. Fa raha raisinareo fotsiny ny Baiboly ka vokisanareo izy ao anatin’ny—manome an’izany ho sakafon-jazakely, maka an’ireo vitamina ilay reny . . . Eny, ity no Vitamina tsara indrindra izay fantatratrō, Vitamina ara-panahy. Hitanareo? Manalehibe anareo izany.

¹⁴⁸ Ankehitriny, tokony haka Vitamina ara-panahy ny fiangonana; ary eto mihitsy ireo Vitamina, feno azy ireo ny Boky iray manontolo. Ary tsy maintsy mandray Vitamina ara-panahy ianareo, mianatra, ary izany no mitondra an'ilay zazakely ho amin'ny fahaterahana. Hitanareo ve izay tiako lazaina?

¹⁴⁹ Ankehitriny, ilay zaza kely, rehefa izy—izy—manana aina izy—izy—manana aina izy, satria ireo sela kely dia mihetsika sy mitsipatsipaka afaka eo amin'ny telo volana eo ary—na efatra. Ary avy eo, mitsipatsipaka sy mihetsika izy saingy tsy mbola teraka. Fa vantany vao tonga eto amin'izao tontolo izao izy, ny dokotera, ny reny, na ny olona iray, dia mihazona azy ary [Mitehaka ny tānany Rahalahy Branham—Mpand.] manome azy felaka kely. “Whaah!” Lasa izy eo (hitanareo?), ary avy eo dia nanomboka nifoka rivotra izy. Ary vantany vao mifoka an'ilay fofon'aina fotsiny izy, amin'izay fotoana izay dia lasa fanahy velona iray izy.

¹⁵⁰ Ary izany indraindray no... Vonona ny handray ny Fanahy Masina ve ianareo? Mihetsi-jaza ianareo; te-hateraka ianareo. Firy ato no ao amin'izany toerana izany izao ankehitriny izao, mila ny batisan'ny Fanahy Masina, te-hahafantatra marina tokoa hoe inona izany, te-hahazo—hiditra ao amin'izany? Iza no mila ny batisan'ny Fanahy Masina? Atsangano ny tānanareo. Hitanareo? Mihetsi-jaza ianareo, ianareo dia te—te-hateraka ianareo. Ny ilainareo dia felaka kely iray an'ny Filazantsara, zavatra kely izay [Mitehaka ny tānany Rahalahy Branham—Mpand.], ary miantsoantso ianareo hoe, “Voninahitra!” Ary rehefa mitranga izany... Fantatroy fa mihevitra ianareo hoe adala aho, saingy isika—manana ny sain'i Kristy isika izay fahadalana amin'izao tontolo izao na ahoana na ahoana. Misy zavatra miantsoantso ao anaty, amin'izay fotoana izay dia mitobaka eo aminareo io Fanahy io. Avy eo dia manohy tonga foana Izy.

¹⁵¹ Tahaka ny nolazaiko tamin'ny olona iray, izany dia tahaka ny fantsona trainainy iray tsentsina. Ary mandefa tariby kely ao amin'izany ianareo, ary mihazona an'io tariby io hoe, “Zig, zig, zig.” Ary misy rano be mikoriana miezaka handalo ao amin'izany. “Zig, zig,” tsy afaka mahazo azy ianareo, saingy fantatrareo fa misy zavatra ao. Afaka mahatsapa azy ianareo; eo amin'io tendrony io ilay izy. Ary noho izany afaka kelikely raha mbola manome azy sintona goavana be iray ianareo, ary, “Shoosh!” mandalo eo amin'ilay fantsona ny rano. Tahaka an'izany ilay izy. Amin'izay fotoana izay dia manohy tonga ny rano. Tahaka an'izany ny Fanahy Masina. Ny fahotana no nanentsina an'ireo fantsona. Ianareo—mipetraka ianareo ka manao hoe, “Saro-kenatra aho. Fantatrapo, tsy afaka milaza an'izany fotsiny aho. Matahotra aho sao mihevitra ny olona fa holy-roller iray aho.” Hitanareo? Izany no... .

¹⁵² Ankehitriny, rehefa mahatsapa an'io fisintonana kelin'ny Fanahy io ianareo... Ilainareo mihoatra noho ny fiainana Izany—ilainareo mihoatra noho ny fiainanareo manokana. Misy vidiny betsaka aminareo Izany hoe: “Tsy maintsy manana Azy aho raha tsy izany dia maty.” Ny zavatra voalohany fantatrareo dia mahazo zavatra iray ianareo. Hoy ianareo hoe, “Izay ilay izy, Tompo.” Sintoninareo ilay boso. Fioo! Indro tonga izy! Lasa! Oh, oadray! Afaka! Ooh! Oadray, tsy ahoako raha nипetraka teto ny Filoha Eisenhower. Hilaza aho hoe, “Voninahitra ho an'Andriamanitra, Ny Ràny no hamonjy anareo.”

¹⁵³ Petera sy izy ireo dia niafina tany aoriana tamin'ny Pentekosta, nanao hoe, “Jereo tena moramora ny varavarana, jereo raha misy iray amin'ireo Jiosy tonga ao ivelany ao.”

“Tsia. Tsy mahita ny iray amin'izy ireo aho.”

“Eny àry, mipetraha tsara mihitsy, ry sakaiza, teneniko aminareeo, raha mba tonga eto izy ireo, dia handroaka antsika hivoaka. Izay ihany no misy amin'ilay izy. Mijanòna mifanakaiky.”

¹⁵⁴ Nipetraka teo izy rehetra, ary tampoka teo dia nisy feo iray tonga avy tany An-danitra tahaka ny rivotra mahery mifofofofo. Nanomboka nameno ny trano rehetra izay nipetrahan'izy ireo izany. Nisy zavatra nanomboka niseho. Nivoaka avy tao amin'io tranobe io izy ireo; nanakarapoka namoha ny varavarana, nidina teo amin'ny tohatra nandehanany tao nivembena tahaka ny andian'olona mamo teo ambanin'ny fiantraikan'ny Fanahy, niantsoantso fotsiny sy nanao hadalana.

¹⁵⁵ Hoy izy ireo hoe, “Mamo ireo lehilahy ireo. Henoy izy ireo. Jereo ilay kanosa izay njery teo am-baravarana, ilay nandà an'i Jesosy teo amin'ny fanohomboana. Hoy izy, ‘Tsy nahafantatra Azy akory aza aho.’ Hoy ny vehivavy kely iray hoe, ‘Eny ny fiteninao dia mamadika anao. Isan'izy ireo ianao.’” Hoy izy, “Niozonozona izy, nanao hoe, ‘Tsy fantatro Izy.’”

¹⁵⁶ Fa rehefa nesorina io bosoia io, rehefa nanomboka nikoriana nanerana ny Fanahy, dia hoy izy hoe, “Ianareo lehilahy avy any Jodia, ianareo izay monina any Jerosalema, aoka ho fantatrareo izao ka henoy aho. (Amena!) Izaho no sefo. Aoka ho fantatrareo izao; tsy mamo ireo. (Niaro ny fiangonany.) Tsy mamo araka ny neverinareo ireo, satria ora fahatelo amin'ny andro izao, fa izao no nampilazaina an'i Joela mpaminany hoe: ‘Izaho no hiseho amin'ny andro farany, hoy Andriamanitra, handatsaka Ny Fanahiko amin'ny nofo rehetra Aho...’” Am-m-m, fahasamihafana iray toy ny inona! Fioo! Oadray, fantattro fa mety hihevitra ianareo fa zavatra mahatsiravina izany, saingy izaho—izaho—tsy maintsy mamela anareo hahita an'izay Fahamarinana aho. Mijanòna amin'Izany.

¹⁵⁷ Ankehitriny, izany tokoa, manana Fiainana Mandrakizay ianareo.

¹⁵⁸ Ankehitriny, mba hanazavana an'izany. Ity, milaza... “Raha milaza isika fa tsy nanota ('Samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitr'Andriamanitra') dia manao an'Andriamanitra ho mpandainga iray isika.” Izy no nilaza fa nanota ianareo. Raha milaza ianareo fa tsy nanota... .

¹⁵⁹ “Izaho—teraka tao amin’ny fiangonana Batista aho, fiangonana Metodista, fiangonana Pentekotista, fiangonana Presbyterana; izaho teraka...” Tsy manao fahasamihafana izany na kely aza, tsy maintsy ateraka avy amin’izany indray ianareo. Marina izany. Raha milaza isika fa tsy nanota, dia manao Azy ho mpandainga iray ianareo. Ary ny Teny, izay ny Fahamarinana... Firy no mahafantatra fa ny Teny no Fahamarinana? “Tamin’ny voalohany ny Teny... ary ny Teny dia tonga nofo, ary Teny...” “Manamasina azy ireo, Ray, amin’ny Fahamarinana. Ny Teninao no Fahamarinana.” Ary Izy no Teny. Hitanareo? “Ary ny Teny, na Kristy, dia tsy ao anatinareo.” Izy no Teny. Firy aminareo no mahafantatra an’izany? Hitanareo? Eny àry.

¹⁶⁰ Tahaka an’izao no hamakantsika azy arak’izany: “Raha milaza ianareo fa tsy nanota, dia manao Azy ho mpandainga iray ianareo, ary Kristy tsy ato anatintsika.” Hitanareo, hitanareo? Ankehitriny, izany, hitanareo, rehefa milaza ianareo fa nanota ianareo... hoe tsy nanota ianareo, dia diso ianareo. Tsy maintsy ateraka indray ianareo.

¹⁶¹ Ankehitriny, hamadika eto amin’ity andininy hafa ity isika. “Izy... Izay rehetra naterak’Andriamanitra dia tsy manota, tsy manota, satria...”

¹⁶² Ankehitriny dia inona ny fahotana? Iza no nilaza an’izany, olona iray? Ny tsi-finoana. Izany no nolazain’ny Baiboly. Fahotana anankiray ihany no misy, ary izany dia ny tsi-finoana. Marina izany. “Izay tsy mino dia efa voaheloka sahady.” Hitanareo? Noho izany isika, tena fahotana anankiray.

¹⁶³ Ankehitriny, raha hoy ianareo hoe, “Eny ankehitriny, andraso iray minitra. Mino aho fa mety nahazo ny Fanahy Masina tahaka an’izany izy ireo tamin’ny androny, saingy tsy mino aho fa izany no izy.”

¹⁶⁴ “Fa, rahalahy, hoy ny Baiboly hoe, ‘Ny teny fikasana dia ho anareo sy ny zanakareo.’”

“Fantattro, fa...” Manota ianareo. Manota eo noho eo ianareo. Tsy mino an’izay nolazain’Andriamanitra ianareo.

“Jesosy Kristy no tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay.”

¹⁶⁵ “Eny, nah, izahay dia nampianarina fa...” Tsy ahoako izay nampianarina anareo. Hoy ny Baiboly hoe—hoy Izy hoe, “Aoka ny tenin’ny olona rehetra ho lainga fa ny Ahy ho marina.” Eny àry.

Hoy ianareo hoe, “Eny, Izy—amin’ny ankapobeny dia tsy miova Izy, saingy izaho tsy... Ny tianao lazaina ve dia hoe tsy miova Izy?”

“Hia, ao amin’ilay Fiagonana dia manao an’ireo zavatra iray ihany izay Nataony fony Izy teto.”

¹⁶⁶ “Oh, tsy afaka hino an’izany aho.” Manota ianareo. Manota ianareo. Ary izay naterak’Andriamanitra, an’ny Fanahy Masina, dia tsy milaza an’ireo zavatra ireo. Ary raha milaza izy fa manana ny Fanahy Masina nefà milaza an’ireo zavatra ireo, dia izany no porofo fa tsy manana an’Izany izy. Tsy ahoako izay nataony. Raha tsy mino ny fanasitranana avy amin’Andriamanitra izy, tsy mino ny Herin’ny fitsanganana, tsy mino ny Fanahy Masina izay nalatsaka teo amintsika tahaka ny Nilatsahany marina tokoa tamin’ny taona voalohany, Andriamanitra tsy miova mihitsy omaly, anio, ary mandrakizay, ireo zavatra iray ihany izay nataon’ireo apostoly no mitranga izao ankehitriny izao, miteny amin’ny fiteny tsy fantatra, sy mifaly, ary ireo zavatra hafa rehetra ireo; raha tsy mino an’izany izy ireo, dia tsy naterak’Andriamanitra. Satria izay rehetra naterak’Andriamanitra dia tsy manao an’ireo karazan-javatra ireo. Tahaka an’izany no itenenana raha naterak’Andriamanitra izy ireo.

¹⁶⁷ Raha manatona olona iray ianareo ka manao hoe, “Dr. Ph. Ranona-sy-ranona-sy-ranona, Reverà Dr. Ranona-sy-ranona (izay tsara, maniry aho ny hanana an’izany, ireo diploma), fa tahaka an’izany ve no tokony hitondrana ny fanasitranana avy amin’Andriamanitra ao amin’ny fiagonana tahaka ny nataon’ireo apostoly?”

“Oh tsia, tsia!” Manota izy. Tsi-mpino iray izy. Marina izany.

¹⁶⁸ Hoy ianareo hoe, “Mino ve ianao fa mandray ny Fanahy Masina tahaka ny nandraisani’zy ireo isika teto? Namaky aho tato amin’ny Baiboly tao amin’ny Asa 2 izay Nilazany fa izy ireo dia... ary nandatsaka ny Fanahy Masina, ary nivembena toy ny hoe mamo izy ireo, ary nivoaka teo ka niresaka tamin’ny fitenin’ireo olona ireo, sy ny sisa tahaka an’izany; nihetsika tahaka ny olona mamo, ary nihevitra ny fiagonana fa mamo izy ireo. Rehefa mandray ny Fanahy Masina isika amin’izao andro izao ao amin’ny fiagonana Batista, ny Batistsantsika, ny Metodistsantsika, ny Presbyteranantsika, na mety ho inona izany, tsy—tsy mahita antsika manao an’izany aho.”

“Eny, teneniko aminao, anaka, ho an’ireo roa ambin’ny folo fotsiny izany.” Manota izy. Tsy nateraky ny Fanahin’Andriamanitra izy, satria hoy ny Baiboly hoe, “Izay nateraky ny Fanahin’Andriamanitra dia tsy mba tsy mino. Mpino iray izy, ary izy tsy afaka...” Nahoana? Nahoana? Oh, ity ilay izy. Ao anatiny ilay Voromailala, mitarika azy. Satria ao anatiny ny Fanahin’Andriamanitra, ka tsy afaka manda

an'Izany izy; tsy afaka izy. Raha ny Fanahin'Andriamanitra izany, dia tsy handà Ny Teniny Manokana Andriamanitra. Raha mandà ny teniko manokana aho, amin'izay fotoana izay dia lasa mpandainga iray aho. Ary raha—ary raha milaza ianareo fa manana ny Fanahin'Andriamanitra nefà manda ny Tenin'Andriamanitra, izany dia na Andriamanitra no mpandainga iray na ianareo no mpandainga iray, na iray na ny hafa. Ary hoy ny Baiboly hoe, "Aoka ny tenin'ny olona rehetra ho lainga fa ny Ahy ho ny Fahamarinana." Ary ny olona izay nateraky ny Fanahin'Andriamanitra dia tsy afaka ny tsy hifanaraka amin'ny Tenin'Andriamanitra; tsy maintsy milaza izy fa marina Izany. Tsy afaka manao na inona na inona hafa izy. Fioo! Ity no—itý no Fahamarinana.

¹⁶⁹ Henoy, mamelà ahy hamaky an'ity indray.

*Izay rehetra naterak'Andriamanitra dia tsy manota;
satria ny voa . . .*

¹⁷⁰ Inona ny voan'Andriamanitra? Ny teny fikasana nananan'i Abrahama, ilay taranaka, ho an'ilay taranaka. Inona ilay voa ankehitriny? Kristy. Kristy ve no Voan'Andriamanitra? Voan'Iza Izy raha tsy izany Izy? Eny àry, eny àry. Izy no Voan'Andriamanitra.

¹⁷¹ Ny Voan'Andriamanitra no mitoetra ao aminy. Tonga mba hitoetra ny Fanahy Masina, tsy isaky ny fivoriana, fa ho mandrakizay. Ankehitriny, raha te-handray naoty ny Soratrareo ho an'izany ianareo, Efesiana 4:30: "Aza mampalahelo ny Fanahy Masin'Andriamanitra izay nanisiana tombokase anareo hatramin'ny andro fanavotana anareo." Ny Voan'Andriamanitra no mitoetra ao aminy, ary tsy mahay manota izy, satria naterak'Andriamanitra izy. Tsy afaka ny tsy hino ny Tenin'Andriamanitra izy.

¹⁷² Ankehitriny, rehefa mahita olona iray tsy mifanaraka amin'ny Tenin'Andriamanitra ianareo ka manao hoe, "Oh, ho an'ny taona iray hafa izany," nefà ny teny fikasana dia ho an'izay rehetra mamela azy ho tonga, dia tsarovy fotsiny, tsi-mpino iray izy ary tsy avy amin'Andriamanitra.

Tsaratsara kokoa amintsika ny mijanona eto, sa tsy izany? Amin'ny firy izao? Oh, oadray! Izaho manana—izaho—izaho fotsiny—tsy te-hiverina eto aho amin'ny Alahady. Mamelà ahy haka an'ireto fotsiny tena, tena, tena haingana. Afaka ve aho? Tena tsara mihitsy izany. Tsy mihevitra ve ianareo fa tsara izany? Oh, ny Tenin'Andriamanitra. Eny àry.

Rahalahy Branham, inona no tsy maintsy ataon'ny olona iray . . . Avelao aho hitahiry an'ity ho an'ny farany, haka an'ity eto ity.

105. Hitovy amin'ny inona isika amin'ny fitsanganana?

¹⁷³ Tahaka ny nandehantsika nidina. Marina tokoa, ny fitsanganana... Izao fotsiny—eritrereto fotsiny ity. Mianjera amin'ny gorodona *ity* boky ity, ary alaiko *ity* boky ity, boky hafa iray, ary soloiko izy. Tsy izany no fitsanganana. Ny *fitsanganana* dia “mampakatra an’ilay iray ihany izay nidina.” Nitsangana ve Jesosy? Nahafantatra Azy ve izy ireo? Nitsangana niaraka tamin’izy ireo ve Izzy, ilay Jesosy iray ihany? “Ary io Jesosy iray ihany izay nakarina io, dia ho avy indray tahaka ny nahitanareo Azy nandeha.” Ny fitsanganana dia tahaka anareo rehefa maty fotsiny; tahaka an’izany no itsangananareo. Maty ianareo amin’ny maha-olombelona iray ao amin’ny nofo; mitsangana ianareo tahaka ny olombelona iray ao amin’ny nofo. Marina tokoa izany. Noho izany ny fitsanganana dia mitovy ihany. Afaka mandany adiny roa hafa eo amin’izany isika, fa tsaratsara kokoa amintsika ny tsy manomboka.

106. Azavao ny Hebreo 4 sy 6 (Haingana mihitsy ankehitriny, alaintsika tena haingana mihitsy ity.) **ary ampitahao amin’ny Hebreo 10:26—Hebreo 6 sy 4.** (Mamelà ahy, 6:4, sy 10:26. Ndao jerentsika, 10:26; eny àry, manana azy ireo mihitsy aho eto. Hitanareo?)

Fa tsy azo atao ho an’ireo izay efa nohazavaina indray mandeha, sady efa nanandrana... ny fanomezana avy any an-danitra, ary natao ho mpandray anjara amin’ny Fanahy Masina,

Ary efa nanandrana ny teny tsaran’Andriamanitra, sy ny herin’ny fainana ho avy,

Raha lavo izy ireo...ny hanavao ny tenany indray ho amin’ny fibebahana; satria manohombo ny Zanak’Andriamanitra indray izy ireo,...ary manao azy ho fahamenarana.

¹⁷⁴ Mitohy avy hatrany izany ary miteny hoe inona izany... Jereo ankehitriny. Nanana an’izany aho indray hariva. Firy no teto rehefa nanazava an’izany aho? Eny àry, fantatrareo arak’izany hoe inona izany. Hitanareo, izany dia ireo mpino mpanara-driandrano.

¹⁷⁵ Firy no namaky indray tao amin’ny Deoteronomia 1 eo, izay nidiran’ireo mpisafy tany avy hatrany ka nanandrana an’ireo zavatra avy tao Kanana, satria Kanana dia tsy tandindon’ny Arivo taona. Firy no mahafantatra an’izany? Ny tianareo lazaina ve dia hoe, tånama anankiray fotsiny? Junie. Marina izany. Kanana dia tsy tandindon’ny Arivo taona, satria nanana ady izy ireo, fifamelezana, famonoana, ary ny zavatra hafa rehetra tao Kanana. Nanao tandindona ny Masina—Kanana dia tandindon’ny Fanahy Masina. Egypta no izao tontolo izao izay nivoahan’izy ireo. Ny an-efitra no toerana izay nah-Fiagonana iray nohamasinina, nantsoina hivoaka azy ireo. Kanana no toerana nipetrahan’izy ireo niaraka tamin’ny Fanahy

Masina (hitanareo, hitanareo?), satria mbola nanana ady foana izy ireo. Ary raha tsy mino ianareo fa manana ady, dia raiso indray mandeha fotsiny ny Fanahy Masina.

¹⁷⁶ Inona no ataonareo? Inona no ataonareo ao Kanana? Nanana ny zony izy ireo. Voninahitra! Nanana ny zony izy ireo. Ary tsy afaka nahazo ny zony izy ireo raha tsy niditra tao Kanana. Tsy nanana na inona na inona izy ireo tany an-efitra. Avy eo, rehefa niditra tao Kanana izy ireo, dia nanana zò. Ary manana zò isika. Rehefa mandray ny Fanahy Masina ianareo, dia ao Kanana. Tsy maintsy miady ho an'izany ianareo; ny inch tsirairay an'ny tany dia tsy maintsy miady ho an'izany ianareo. Eny, tompoko! Izany no antony ilazan'ny olona hoe, "Rahalahy Branham, mivavaha ho ahy androany."

"Eny àry, ho hitantsika . . ."

Midira ao Kanana indray mandeha, rahalahy, dia ho fantatrareo hoe aiza no misy anareo. Diniho ny vavaka manomboka mihodina. Eny, tompoko! Hoy ianareo hoe, "Jereo eto, Satana. Ahy ity! Izaho no tompon'ity! Andriamanitra no niteny an'izany! Mivoaha! (Marina izany, marina izany!) Mialà amin'ny taniko!" Hitanareo?

"Ny taninao?" hoy i Satana.

"Manana didim-pananana tsy azo lavina an'izany aho. Mivoaha! Ianao tsy, handefa fanamarihana ho anao aho amin'ny alàlan'ny torolàlan'ny Fanahy Masina." Mivoaka izy. Azo antoka, voatery izy.

¹⁷⁷ Ankehitriny, ankehitriny, ireo izay nanandrana ny fanomezana avy any An-danitra, diniho eto ankehitriny:

... *raha minia manota isika* . . . (faha-10, ity dia faha-26-n'ny toko faha-10.) . . . *raha minia manota isika rehefa* . . . *efa nandray ny fahalalana ny fahamarinana isika, dia tsy misy fanatitra nohon'ny ota intsony*,

¹⁷⁸ Ankehitriny, ny iray amin'izy ireo dia rehefa nanandrana azy fotsiny ianareo, ary ny manaraka dia rehefa nandray azy ianareo, ary manana fahalalana an'izany. Noho izany raha manota ianareo (inona?), tsy mino. Ankehitriny, diniho hoe ahoana no vakin'izy roa. Hitanareo? "Raha minia tsy mino ianareo rehefa avy nandray ny fahalalana ny fahamarinana . . ." Ankehitriny avelao . . . Iray minitra fotsiny, avelao aho haka an'izany eto.

Raha mihemotra isika, ny hanavao ny tenantsika . . .

. . . *tsy azo atao ho an'ireo izay efa nohazavaina indray mandeha, ka nanandrana ny fanomezana tsara avy any an-danitra*, . . . (Nanandrana an'izany. Hitanareo?) . . . *ary natao mpandray anjara* . . . (Hitanareo?) . . . *amin'ny Fanahy Masina*,

Sady efa nanandrana ny teny tsaran'Andriamanitra, sy . . . ny herin'ny fiainana ho avy,

¹⁷⁹ Ary manohy midina izy eto ka milaza fa raha mipetraka mihitsy tahaka ny songosongo ianareo, raha milatsaka matetika amin'ny tany ny ranonorana; raha mipetraka tahaka ny songosongo ianareo, milatsaka ny Fanahy Masina, ary oh oadray, nankafy an'Izany tahaka ny sisa amin'izy ireo ianareo; fa raha ny amin'ny hoe mametraka ny tènanareo amin'Izany, na mandeha mivoaka, sy miasa ho an'ny Tompo, ary manao zavatra mikasika an'izany, tsia, tsia, tsy afaka manao an'izany ianareo. Hitanareo? Amin'izay fotoana izay dia izany no maneho fa tsy ao anatinareo ny Fanahin'Andriamanitra. Hitanareo? Amin'izay fotoana izay dia manala ny tenanareo fotsiny ianareo amin'ny farany. "Izay ny hiafarany dia ho dorana."

¹⁸⁰ Fa eto, raha tsy mino isika... Ankehitriny, inona ny fahotana? Ny tsi-finoana. Raha efa nampahafantarina anareo ilay zavatra, ka minia miala amin'izany ianareo ary manao hoe, "Ah-ah, tsy te-hanao na inona na inona aho," rehefa avy nahita an'izany ianareo, dia tsy hiantso ny fonareo intsony indray izany. Vita ny aminareo; marina izany. Ianareo dia efa—ianareo dia efa nanota nihoatra ny androm-pahasooavanareo. Hitanareo?

Fa raha minia tsy mino isika... (Ankehitriny, ao amin'ny Baiboliko dia nasiako marika izany eto hoe aiza, ilay izy dia ny—ny "m," ny—ny famakiana eo amin'ny sisiny eto, dia manao hoe: fahotana, tsi-finoana an-tsitraro. Hitanareo, hitanareo?) ... minia rehefa... avy nandray ny fahalalana ny fahamarinana isika, dia tsy misy fanatitra nohon'ny ota intsony, (Raha miala ianareo ka minia mihodina amin'Andriamanitra rehefa avy nohamafisina taminareo izany rehetra izany, ary natolot'Andriamanitra anareo izany. Hitanareo?)

Fa fiandrasana mahatahotra amin'ny fitsarana ny fahatezerana mirehitra, izay handevona ny fahavalano.

Izay nanao tsinontsinona ny lalàn'i Mosesy dia maty tsy nisy famindrampo tamin'ny vavolombelona roa na telo:

...tsy famaizana mafy kokoa ve, no ataonareo, ho...tokony ho mendrika, an'izay nanitsaka teo ambanin'ny tongony ny Zanak'Andriamanitra, ary efa nanao ny...fanekena, izay nanamasinana azy, ho zavatra tsy masina, sady...naniratsira an'ireo asan'ny fahasoavana? (Oh, oadray!)

¹⁸¹ Ho inona izany? Mpitory teny iray, mpitoriteny iray, ndao alaintsika fotsiny... Satria mpitory teny aho, ndao ataontsika hoe mpitory teny iray ilay izy. Miakatra eto izy, manatona izy, ary miaiky an'i Kristy, manadio ny fiaianany, hoe tsy miaina amin'ny fijangajangana sy ny sisa intsony izy, miaina fiaianana iray madio tsara, miakatra eto; efa tsara taminy ny fahasoavan'Andriamanitra, noho izany dia miakatra eto mihitsy

izy ao amin'ny fahalalana ny Fanahy Masina (hitanareo?), miakatra, Andriamanitra no mitarika mihitsy hatrany amin'ny fahalalana ny Fanahy Masina, ary mahita an'Izany eo izy, saingy hoy izy hoe, "Ankehitriny, andraso iray minitra. Tsy hahatanty an'izany ny fiangonako. Ah-ah. Tsy afaka hanao an'izany aho. Handroaka ahy izy ireo. Ny—ny filan-kevitra dia—dia handroaka ahy. Amin'ny fivorian'ny mpitoriteny manaraka, dia ho voaroaka aho." Tsy misy fanatitra nohon'ny ota intsony, satria nalainy ilay tena Rà izay nanamasina azy ka nitondra azy hatreto, hatrany amin'ny fahalalana ny Fahamarinana, nefà nanao an'Izany ho toy ny hoe zavatra tsy mendrika Izany ka nanitsaka an'Izany teo ambanin'ny tongony, rehefa avy nitarika azy tsikelikely hatrany amin'ny Fanahy Masina Andriamanitra.

¹⁸² Hoy ianareo hoe, "Oh, andraso iray minitra ankehitriny, Rahalahy Branham." Iray minitra fotsiny! Ny fanahin'ny antikristy no hanao an'izany. Efa voamarikareo ve ireo sefo roa an'izy ireo? Iza Jodasy Iskariota? Ny devoly! Nilaza ny Baiboly fa izy no zanaky ny fahaverezana. Inona ny fahaverezana? Ny helo. Zanaky ny helo izy, avy any amin'ny helo ary nandeha nankany amin'ny helo. Ary Jesosy Kristy no Zanak'Andriamanitra, avy any An-danitra, niverina nankany An-danitra. Rehefa maty izy roa teo amin'ny—teo amin'ny hazo fijaliana... Je-... Efa fantatrareo ve fa maty teo amin'ny hazo fijaliana iray i Jodasy? Firy no mahafantatra an'izany? Maty teo ambonin'ny hazo iray izy. Jesosy dia maty teo ambonin'ny hazo iray koa. Notapahina fotsiny ilay izy, izay ihany. "Voaozona izay maty eo ambonin'ny hazo iray." Ary avy any amin'ny helo izy. Ary diniho izay... Raha mbola afaka nanao ny lâlany hitsaitsaika hiditra tao am-piangonana foana izy... Izany no avo izay azony ahatongavana ankehitriny. Hitanareo ve hoe ahoana no ahafahany ho mpamitaka? Ankehitriny, tonga i Jodasy. Inona izy? Mpitahiry vola iray, rahalahy iray, miasa ao amin'ny fiangonana, ilay mpitahiry vola ao am-piangonana, tonga hatreo mihitsy, nino an'i Jesosy Kristy Tompo, ary efa nohamari-... 

59-1223 Fanontaniana sy Valiny
Branham Tabernacle
Jeffersonville, Indiana U.S.A.

MALAGASY

©2024 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. Box 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org

Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS

P.O. Box 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.

www.branham.org